



# FIARAHAMONINA VOAOVA

HERINANDRO FIARAHAMONINA

15-22 MARTSA 2025



Andalan-tSoratra Masina nalaina tao amin'ny NY BAIBOLY ® (La Bible en Malgache MG1865).  
Copyright © Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy. Nahazoana alalana. Zo rehetra voatokana.

**Mpanoratra:**

Kleyton Feitosa  
Khamsay Phetchareun  
Cliff Shameerudeen  
Jonathan Contero  
Reinaldo Siqueira  
Petras Nahadur  
Brendan Pratt  
Bledi Leno

**Mpandrindra ny Tetikasa:**

Mwenya H. Mpundu

**Mpanolo-tsaina:**

Busi Khumalo  
Pako Edson Mokgwane

**Tonian-dahatsoratra:**

Maria Manderson

**Mpanamarina:**

Biblical Research Institute

**Sary:** © Freepik

**Namolavola ny endriky ny bokikely:**

Mwenya H. Mpundu

**Mpandika teny:**

ELI TRANSLATION



# Fizahan-TAKELAKA

Fiarahabana	4
Momba ny Mpanoratra	5-7
Vakio Aloha ity	8
Ahoana ny Fampiasana ity Boky ity	9
Avy amin'ny Tonian-dahatsoratra	10
Fandaharana Santionany: Herinandro Fiaraha-mivavaka	11
Fandaharana Santionany: Sabatan'ny Fiverenana ao an-trano	12
1. Sabata: Tsy Toerana na Fanapahan-kevitra Kisendrasendra Fotsiny?	13-20
2. Alahady: Ilay Iraka Tsy Mbola Vita: Manatratra ny Bodista amin'ny Filazantsara	21-32
3. Alatsinainy: Miampita ireo Sakana Ara-Kolontsaina	33-45
4. Talata: Tanàn-dehibe misy anao, Iraka ho Anao	46-53
5. Alarobia: Tiava ny Namanao Jiosy Tahaka ny Tenanao!	54-59
6. Alakamisy: Ny Drafitr'Andriamanitra ho an'i Ismaela alohan'ny Andro Farany	60-68
7. Zoma: Fiaraha-monina Voaova	69-76
8. Sabata: Tantaran'na Tanàn-dehibe	77-85

# Fiarahabana

## Nohariana mba Hitondra Fiovana

Rehefa manao ny zavatra hainy atao indrindra ny moka, ka manorisory antsika sy manaikitra ary mitroka ny rantsika, dia hadinontsika fa anisan'ny zavaboary bitika indrindra izy io. Tsy refesina amin'ny habeny ny fiantraikany amintsika, fa amin'izay zavatra vitany. Moka iray monja dia efa mahatonga antsika tsy hahita tory amin'ny alina.

ACT : A Community Transformed). Mifantoka manokana amin'ny fanatratrarana ireo faritany sarotra eto amin'izao tontolo izao, izay ny varavarankely 10/40, miaraka amin'ny tenin'Andriamanitra izany. Tombanana fa, amin'ireo olona valo lavitrisa eto amin'ity planeta ity, dia manana mpanaraka maherin'ny telo lavitrisa ny fivavahana kristiana. Mpanaraka fivavahana hafa kosa ny olona sisa manerana an'izao tontolo izao.

Ireo fiangonana kristiana dia tokony hamaly amim-pahavitrihana ny baiko omenn'ny Baiboly : "Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao." (Matio 28:19-20).

Manana adidy maika sy manetriketrika ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito mba hizara ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apokalypsy 14:6-12 amin'izao tontolo izao. Tokony handre izany hafatra izany ny vondron'olona rehetra ary hanao ny safidiny. Izany no iantsoana anao mba hanaovanao fisaintsainana sy famaliana mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity.

Nahary sy nifydny anao Andriamanitra mba hitondra fiovana eo amin'ny fiaraha-monina misy anao. Tadiavo ombam-bavaka ireo fiarahamonina izay mbola tsy nandre ny hafatry ny filazantsara amin'ny andro farany. Rehefa manaiky amim-pahatokiana ny antso hizara ny Tenin'Andriamanitra amin'ny hafa isika, dia "Ho Voaova ny Fiarahamonina". Tsy maintsy haverina iainana amin'izao androntsika izao ny bokin'ny ASAN'NY APOSTOLY (ACTS).

Lehibe sy manan-tsaina lavitra noho ny moka ianao satria nohariana araka ny endrik'Andriamanitra.

Noho izany, mandehana ary aoka ianao ho mpitaona ny hafa ho an'i Jesosy!

**Pr. Busi Khumalo**  
Filohan'ny Tanora eo  
anivon'ny Foibe Manerantany



# Momba ny MPANORATRA



Kleyton Feitosa

I Kleyton, teratany Breziliana, dia manana fitiavana manokana ho an'ny fanompoana iraisam-pirenena ary efa nanompo tany Brezila, Etazonia, Egypta, ary Soudan. Mahay miteny portogey, anglisy, espaniola, sy arabo kely izy, ary mahafinaritra azy ny manao asa fanompoana amin'ny vondrom-piarahamonina maro samihafa. Betsaka ny traikefany ananany, anisan'izany ny asa nataony amin'ny maha-mpampianatra, *aumonier*, pasitoran'ny tanora, pasitora mpanampy, pasitora voalohany, Tonia Mpanatanteraky ny Federasiona, ary Filohan'ny Misiona. Manana ny mari-pahaizana *Licence* amin'ny Teolojia avy amin'ny Seminera Teolojika any Amerika Latina i Kleyton, ary *Maîtrise* amin'ny Misiona sy *Doctorat* amin'ny Asa Fitoriana sy Fampandrosoana ny Fiagonana avy amin'ny Oniversite Andrews. Tamin'ny fotoana nanoratana an'ity boky ity dia nitàna ny andraikitra maha-talen'ireo Ivontoeran'ny Iraka Manerantany eo anivon'ny Foibe Manerantany izy. Miala sasatra ao amin'ny Tompo i Kleyton Feitosa izao, miandry ny andro izay "ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin i Kristy no hitsangana aloha." (1 Tesaloniana 4:16)

Dr. Khamsay Phetchareun dia mpitandrina voahosotra, mpitantan'asa ary mpitady mpamatsy vola, ary izy amin'izao fotoana izao no Talen'ny Iraka Manerantany ao amin'ny Ivontoerana hoan'ny Fifandraisana Advantista-Bodista (CABR) eo anivon'ny Foibe Manerantany. Anisan'ny nampitombo ny traikefany amin'ny maha pasitora azy ny asa nataony tany Aostralia nanomboka tamin'ny 1987 ka hatramin'ny 1998, ary niasa amin'ny maha-Tale mpiara miasa tao amin'ny ADRA Myanmar izy (1998–2000). Nampianatra momba ny Fivavahana tao amin'ny Oniversite Iraisam-pirenena Azia-Pasifika (2001–2007, 2011–ankehitriny) ihany koa Dr. Phetchareun ary nitana ny toeran'ny Mpanolotsaina ho an'ny Faritra Mifamatotra amin'i Laos hatramin'ny 2021. Voatendry ho Talen'ny Iraka Manerantany tamin'ny Septambra 2022 izy, ary manana mari-pahaizana avy ao amin'ny Avondale College sy Oniversite Andrews izy, anisan'izany ny Doctorat amin'ny Asa Fanompoana (2005).



Khamsay Phetchareun



**Cliff Shameerudeen**

Dr. Cliff Shameerudeen no talen'ny Ivontoerana hoan'ireo Fivavahana Aziatiaka Atsimo (CSAR) eo anivon'ny Foibe Manerantany amin'izao fotoana izao. Mpanorina fiangonana izy, ary mandany ny fotoanany amin'ny fampaherezana, fanofanana ary fanohanana ireo mpanorina fiangonana manerantany.



**Reinaldo Siqueira**

Salama e, izaho no Jonathan! Mpanara-dia mafatra-po an'i Jesosy aho, manam-bady, ary raim-pianakaviana mirehareha manan-janaka roa mahafinaritra. Nandray anjara tamin'ny fanorenana fiangonana tany Madrid aho, niasa tamin'ny tetikasa natao hifandraisana amin'ny mpihaino avy amin'izao tontolo izao, ary amin'izao fotoana izao aho misionera any Genève, Soisa, mikaroka fomba hampifandraisana amin'Andriamanitra indray ny fiaraha-monina tsy Kristiana intsony.

Tia baolina kitra, mozika, mamaky teny, mandany fotoana miaraka amin'ny olona, ary mahita kolontsaina sy karazan-tsakafo vaovao ihany koa aho!



**Jonathan Contero**

Reinaldo Siqueira no mpiandraikitra (*doyen*) ny Sekolin'ny Teolojia ao amin'ny Oniversite Advantista any Brezila nanomboka tamin'ny taona 2016, sady nampianatra ireo fiteny, teolojia ary exégèse ao amin'ny Testamenta Taloha. Mpiandraikitra (*Doyen*) ny Seminera Teolojika any Amerika Latina izy teo aloha, ary koa Talen'ny Fifandraisana eo amin'ny Advantista sy ny Jiosy teo anivon'ny Fivondronamben'ny Brezila Afovoany. Manana ny mari-pahaizana *Doctorat* momba ny Testamenta Taloha avy ao amin'ny Oniversiten'i Andrews i Siqueira, ary koa ny mari-pahaizana *Maitrise* sy *Licence* amin'ny Teolojia avy ao amin'ny Oniversite Advantista ao Frantsa. Mahay miteny portogey, espaniola, anglisy, ary frantsay izy, ary manana fahalala ambony momba ny teny hebreo. Izy koa no voatendry ho lehiben'ny fifandraisana amin'ny fiarahanonina jiosy hoan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.



**Petra Bahadur**

Dr. Petras Bahadur no talen'ny Ivontoerana Manerantany ho an'ny Fifandraisana eo amin'ny Advantista sy Silamo (CAMR) eo anivon'ny Foibe Manerantanin'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Niasa nandritra ny 21 taona izy amin'ny maha-Mpitahiry vola, mpampianatra ary Lehiben'ny departemantan'ny Fandraharahana, ary avy eo izy nanompo nandritra ny 21 taona ho Missiologista tao amin'ny sehatry ny Asa Fanompoana ny silamo. Mampiofana ireo matihanina amin'ny fanorenana tetezan'ny fahatakarana izy amin'ny alalan'ireo boky fito nosoratany momba ny fahatakarana ny fomba fijerin'ny olona avy amin'ny fiaviana silamo.



**Brendan Pratt**

Dr Brendan Pratt no talen'ny Ivontoerana hoan'ny Iraka Kristiana amin'ny Olon'izao Tontolo Izao sy ny Post-môdernisma (CSPM). Mipetraka any Melbourne Aostralia izy. Brendan dia manambady an'i Amanda, mpanoratra, ary rain'i Brad, Ben sy James - miaraka amin'ny andiana bililava, androngo, sokatra ary sahona maro. Ny fikarohana amin'ny PhD nataony dia mandinika ny fiantraikan'ny fahafaha-manjifa (*consomérisme*) amin'ny finoana. Tian'i Brendan indrindra ny mahita hoe manao ahoana izany fiangonana maneho sary mahafinaritra momba an'Andriamanitra izany.



**Bledi Leno**

Bledi Leno no talen'ny Ivontoerana hoan'ny Iraka An-tanàndehibe (CUM) eo anivon'ny Foibe Manerantany, ary manana firehetam-po manokana amin'ny fampifandraisana ny olona amin'Andriamanitra any an-tanàndehibe. Nitondra azy tamin'ny toerana maro ny asa fanompoany, avy tany Albania nankany Angletera, Brezila, Etaazonia, ary manieran-tany, ka nampivelatra ny fomba fijerin'ny iraisam-pirenena. Mipetraka ao amin'ny tanàndehiben'i New York i Bledi, ary nifantoka tamin'ny asa fanompoana an-tanàndehibe, ny fananganana ivon-toerana fanatrarana ny hafa, ary ny fitarihana fanorenana fiangonana sy tetikasa famelomana fiangonana indray. Manolo-tena tanteraka amin'ny fanaovana ny iraka sy ny asa fitoriana amin'ny fomba tia karokaroka i Bledi. Manambady an'i Gabriela i Bledi, ary manan-janaka roa lahy, i Matthias sy Arthur.

# Vakio Aloha Ity

## 1. Atombohy dieny izao ny fanomananao:

Atombohy ny fanomananao, apetraho ny tanjonao, atsangano ny ekipanao, ary ataovy azo antoka fa ao anatin'io ekipa io ny pasitora.

## 2. Vaovao momba ny Andro maneran-tany ho an'ny Tanora:

Alaivo ara-potoana ireo vaovao momba ny tetikasa ho an'ny andro maneran-tany ho an'ny tanora. Io andro io koa no hanokafana ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Tsidiho ny rohintsika, gcyouthministries.org, na mifandraisana amin'ny talen'ny departemantan'ny tanora eo amin'ny saha misy anao mba ahafahanao mahita ny fomba ahazoanao mandray anjara.

## 3. Entano ireo miaramilam-bavaka:

Manana vondron'olon-dehibe vonona ny hivavaka ho anao sy ny asa fanompoanao amin'ny fomba mitohy. Ataovy azo antoka fa azonao izarana am-pitokiana ny zavatra ilain'ny tenanao manokana ny fitondrana am-bavaka sy ny asa fanompoanao izany vondrona izany.

## 4. Mifidiana hira faneva:

Ampandraiso anjara ny antoko mpihiran'ny tanora ao amin'ny fiangonanao. Mifidiana hira izay tianareo rehetra ary mifantana amin'ny lohahevitra isaky ny takariva na mifidiana hira iray mandritra ny herinandro iray manontolo.

## 5. Mamorona ekipa mpandrindra/mpanao tombana ny herinandro fiaraha-mivavaka:

Ampidiro ao anatin'io vondrona io ireo tanora vonona sy feno fanoloran-tena ary ireo mpitarika koa (Mpisavalalana, Sekoly sabata, sns, ny pasitoranareo). Zava-dehibe izany satria manampy ny rehetra handray an-tanana ilay hetsika, fa tsy ianao sy ny mpanampy anao ihany. Angataho izany vondrona izany mba hivory mandritra ny telo herinandro farafahakeliny-herinandro ho an'ny lesona efatra, ary ny herinandro fahatelo mba hipasohana ny zavatra rehetra. Ataovy azo antoka fa voafaritra mazava avokoa ny tanjona sy ny lalana tianao aleha sy hotratrarina. Raha azo atao dia amin'ny favoriana voalohany no hanaovana izany, ary mifidiana tanora mba handaha-teny isan'andro.

## 6. Andro fifadian-kanina:

Mifidiana andro manokana iray mandritra ny herinandro hanaovana ny fifadian-kanina. Amin'ny maha-ekipa anao dia fantaro ireo sehatra izay hangatahanao amin'Andriamanitra mba hisian'ny fandrosoana

# Ahoana ny Fampiasana Ity Boky Ity

**1. Toerana malalaka:** Namboarina manokana mba ahafahanao manampy izay ao antsainaao ity boky ity. Ampiasao ireo toerana malalaka mba handraisanao ireo fihetsehamponao momba ny zavatra henonao tao amin'ny toriteny sy ireo fanontaniana any amin'ny farany isan'andro. Azonao ampasaina koa izany mba hanoratanao antom-bavaka na fiderana an'Andriamanitra. Amporisiho ny mpandray anjara rehetra mba hampiasa io toerana io amin'ny fomba izay hitiavany azy. Natokana ho azy ireo izany!

**2. Manomboha diarim-bavaka:** Tsy misy zavatra lehibe indrindra ho an'ny fitomboanao ara-panahy mihoatra ny fandalianao fotoana ho an'ny vavaka. Hitombo koa ireo tanoranao rehefa mitombo ianao. Hanampy anao hihona amin'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao sy mampihetsi-po ny fanananao diarim-bavaka. Afaka ny "hanaraka" ny dianao niaraka tamin'Andriamanitra ianao rehefa mamerina mijery ireo vavaka nahazoanao valiny sy ny fomba nitarihany anao tsikelikely isan'andro. Hisy hevitra vaovao indray ho tonga ao antsainaao rehefa mandany fotoana eo amin'ny fanatrehany hameno ny diarim-bavakao ianao.

**3. Fanontaniana isan'andro:** Miaraka amin'ny toriteny tsirairay dia misy fanontaniana izay natokana mba hisarohana ny fisainanao. Manomàna tarika madinika ary miadia hevitra momba ireo fanontaniana ireo. Makà fotoana handinihana tsara momba ny zavatra izay tian'ny fanontaniana ahatongavana. Mihainoa ny Fanahy Masina rehefa mampianatra anao amin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy. Amporisiho ireo mpanatrika mba hitahiry an-tsoratra ao amin'ny diariny izay zavatra ao an-tsainy.

# Avy amin'ny Tonian-dahatsoratra

## Mampifandray ny elanelana

Tsy nanery an'iza n'iza ho tonga Kristianina mihitsy i Jesosy na indray mandeha aza. Nametraka fanasana mahery vaika amin'ny teny roa monja Izy: "Manaraha Ahy." Ary fanontaniana misy teny telo, "Handeha ve ianao?" Tena zava-dehibe indrindra ny mitadidy izany satria raha tiantsika hovonjena ireo havantsika, namantsika ary mpiara-miasa amintsika tsy kristianina, dia mila mahatsapa isika fa raha mandà ny fanasantsika handeha ho any am-piangonana izy ireo, tsy "fiafar'an'izao tontolo izao" akory izany. Misy fomba maro hafa ahafahana manasa ny olona hiaina ny fanandramana momba an'i Jesosy ankoatran'ny fandehanana any am-piangonana. Ary ny iray amin'ireo fahafahana mahery vaika indrindra dia ny manasa azy ireo hamantatra ny fon'Andriamanitra ho an'ireo mahamantra, voageja ary sahirana, eny, asao izy ireo handray anjara amin'ny tetikasanao mandritra ny Andron'ny Tanora Maneran-tany. Asao izy ireo ho mpanaradia an'i Jesosy miaraka aminao.

Ireo toritenin'ny Herinandro Fiaraha-mivavaka amin'ity taona ity dia mikendry ny hanampy amin'ny famaritana fomba fijery ara-panahy enina tena samy hafa, ary avy eo manontany antsika hoe iza amin'ireo sary ireo no mamaritra tsara indrindra ny namanao, ny mpiara-miasa aminao, ny fianakaviana, na ireo mpiara-monina aminao izay tsy mahafantatra an'i Jesosy?

Manomboka amin'ny Bodista Tibetana mistika monina any atsinanana ka hatrany amin'ny mpanjifan'izao tontolo izao any andrefana—ary ny olona rehetra eo anelanelany, dia hitantsika fa sartakarina loatra ny olom-belona ka tsy azo avakavahana anaty boaty. Tafiditra ao anatin'ireo toriteny ireo ny fampahatsiahivana fa nantsoina isika hanorina sy hihazona fifandraisana matanjaka, miorina amin'ny fifampitokisana sy fifanajana. Omena ao ihany koa ireo singam-bolamena kely hitarihana antsika amin'ny fahatakarana momba ireo zavatra iombonantsika, satria manome fahafahana—rehefa ampiasaina amin'ny fomba tsara—izay ahazoana mamorona fihaonana sy fanandramana ho an'i Jesosy izany, ka hanampy azy ireo hampifandray ny elanelana misy eo amin'ny toe-javatra iainany ankehitriny sy ny fananana fifandraisana mavitrika miaraka Aminy.

Eny tokoa, Andriamanitra dia tia sy mamonjy ny Bodista, ny Hindoa, ny Kristiana post-modernista, ny Mpanjifa, ny Jiosy, ary ny Silamo mitovy amin'ny fomba nitiavany sy namonjeny ny olon-kafa rehetra —tamin'ny alalan'ny fahagagan'ny fahateraham-baovao.

Tsy isika sy ny tohan-kevitra lehibe ananantsika izany—tsy afaka mandresy lahatra ny olona ho an'i Kristy na oviana na oviana amin'ny alalan'ny fiadin-kevitra isika, tsy afaka miady hevitra amin'izy ireo ho amin'ny famonjena isika. Tsy nantsoina hampiova fo ny olona isika fa hamboly ny voan'ny filazantsara. Andriamanitra irery ihany no afaka manatanteraka ny famonjena! Na izany aza, antsoina isika mba hanorina sy hihazona fifandraisana matanjaka, miorina amin'ny fifampitokisana sy fifanajana.

**Maria Manderson**

Tonia Mpanampy ao amin'ny Departemantan'ny  
Tanora eo anivon'ny Foibe manerantany



# Fandaharana Santionany

**Herinandro Fiaraha-Mivavaka**

Fiarahabana

Vavaka Fiankohofana

Voady, Lalàna ary Hira Fanevan'ny Tanora

Hira Fiderana

Vavaka Fanombohana

Fotoana Manokana (Mozika na Tantara an-tsehatra)

Vakiteny Fototra

Toriteny

Fifanakalozan-kevitra

Hira Faneva

Vavaka

# Fandaharana Santionany

**Sabatan'ny Fiverenana ao an-trano**

Horonantsary Fanisana

Filaharana

Vavaka Fiankohofana

Voady, Lalàna, Teny Naiko ary

Hira Fanevan'ny Tanora

Fiarahabana sy Filazan-draharaha

Hira Fiderana

Vavaka Fanokafana

Fotoana Manokana (Mozika na  
Tantara an-tsehatra)

Vakiteny Fototra

Vavaka Fanelanelanana

Fanatitra sy Ampahafolony

Hira/Feonkira Manokana

Toriteny

Hira/Feonkira Manokana

Batisa

Hira Famaranana

Vavaka Famaranana

## *Tsy Toerana na Fanapahan-kevitra Kisendrasendra Fotsiny?*

Nanoratra: Kleyton Feitosa, D. Min

**Lioka 19:10**

*Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very.*

**Mihoatra ny Sisin-tanintsika : Ny Antso Maneran-tany ho an'ny Iraka Kristiana**

Androany, manasa anareo aho mba hanao dia iray, tsy ao amin'ny Soratra Masina ihany, fa ao amin'ny fontsika ary mihoatra ny fefin'ireo tahotra sy famerana izay manakana antsika. Indro isika, mijoro ao amin'ny sahan'i Galilia, izay toerana nanombohan'i Jesosy ny asa fanompoany — toerana iray tsy misy fahasamihafana amin'ireo faritra ara-panahy efa mahazatra antsika. Saingy, ny ivon'ny hafatra ho antsika amin'izao androany izao dia miantsika mba hivoaka any ivelany, any amin'ny faritra izay mety tsy mampahazo aina loatra, kanefa efa masaka sy vonona ho amin'ny fijinjana.

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

**Manao Zavatra Iniana Jesosy:**

Ao amin'ny filazantsaran'i Marka 4:35, isika dia mahita toromarika manaitra avy amin'i Kristy. Hoy Izy tamin'ny mpianany: "... Andeha isika hita ho eny am-pita." Izany hoe, ny ilany ampitan'ny farihy. Fanapahan-kevitra feno fahasahiana tokoa no noraisin'i Jesosy mba hitondra ny mpianany hiampita ny Ranomasin'i Galilia handeha ho "Eny Am-pita," hiditra amin'ny faritanin'ny mpanompo sampy. Faritra iray izay nanaram-po sy nandray anjara tamin'ny fahotana isan-karazany ireo olona tao. Ho an'i Jesosy anefa, fantany tsara izay halehany. Tsy fanapahan-kevitra kisendrasendra fotsiny izany.

Tsy fiampitana ara-batana fotsiny avy any Galilia mankany Dekapolisy, miampita ny Ranomasin'i Galilia izany; fa fiantsoana ara-panahy mba hiampita ho any amin'ny faritra izay ahitana fiainana sy fanahy mbola tsy voamaritsika velively. Tsy ny fiandaniany tanteraka tamin'ny Roma fotsiny no nampalaza ny Dekapolisy, izay tambazotra mampifandray tanàna folo, fa noho ny fomba amam-panaon'ny miorina lalim-paka ao anatin'ny fanompoan-tsampy— tany iray izay nifanohitra tanteraka tamin'ny tontolo ara-pitondran-tena sy ara-panahy jiosy. Teny am-pita teny no nahitana karazana tempoly nankalaza ny harena, ny herisetra, ary ny andriamaniry ny hedonisma, izay nampiseho fihaikeàna lehibe ho an'ny hafatry ny fanetren-tena sy ny fiadanana ary ny fifehezan-tena izay notorin'i Jesosy. Milaza ireo lovantsofin'ny raby tamin'ny andron'i Jesosy fa tao Dekapolisy no niorenan'ireo firenena fito tany Kanana. Novoizina tao amin'izy ireo ny fivavahana manasongadina ny firaisansara-nofo, ny herisetra ary ny harena. Izany hoe hita teo aminy izay rehetra tsy maha-izy ny Isirael.

Anisan'ireo foiben'ny fahefana romana ihany koa i Dekapolisy, ary miaramila 6 000 no napetraka "Teny Am-pita" teny. Lohan-kisoa no marika famantarana io legiona io —toerana izay nisy ny fivavahana amin'ny kisoa ny Dekapolisy. Noheverin'ny Jiosy ho toy ny toerana nitoeran'i Satana ny "Teny Am-pita" teny — nanjakàn'ny fahamaizinanana sy ny ratsy ary ny demonia. Io no toerana tsy nisy an'Andriamanitra. Tsy mba misy olona mandeha "eny am-pita" eny mihitsy, indrindra fa ireo raby. Mivoaka tanteraka amin'ny faritra mampahazo aina azy ireo ny fandehanana "eny am-pita" eny. Nanaiky handeha anefa izy ireo.

Ary, fantatr'i Jesosy tsara izay toerana halehany!

# **Mandeha any amin'ny Tsy Fantatra:**

Rehefa niondrana an-tsambo izy ireo, dia tsy namakivaky ny rano fotsiny ny mpianatra, fa niampita ny ranomasina misamboaravoaran'ny tahotra sy ny fitsarana an-tendrony lalina indrindra. Andeha isika hiaraka vetivety, haka sary an-tsaina ity toerana feno fahotana ity, izay tsy misy fameperana amin'ny sakafy sy ny fomba amam-panaony amin'ny fanompoan-tsampy rehetra. Tsy hanome tsiny ny mpianatra na kely akory aza aho raha toa ka nanodina ny sambokely izy ireo ka niverina nody. Rehefa tonga teo amin'ny morontsirak'i Dekapolisy izy ireo, dia tsy ny vahoaka mahazatra no nitsena azy ireo, fa faharavana sy

lehilahy roa demoniaka no hitany teo, izay naneho fifanoherana tanteraka tamin'ireo vahoaka matetika nitangorona nanodidina an'i Jesosy. Ny tsy fisian'ny lanonana fitsenana azo tsapain-tanana no nanasongadina ny faharavana ara-panahy tao amin'ilay faritra, nefo tsy mahagaga izany satria io no "teny am-pita".

### Fahagagana sy Fandavana:

Sary mahatsiravina no hita rehefa tonga izy ireo:

Marka 5:2-5 “*Ary nony niala teo an-tsambokely Izy, niaraka tamin'izay dia nisy lehilahy azom-panahy maloto nivoaka avy teny amin'ny fasana ka nifanena taminy, fa nitoetra tao amin'ny fasana izy; ary tsy nisy olona nahafatotra azy intsony na dia tamin'ny gadra aza. Fa efa nafatony matetika tanin'ny gadra, na ny tànany, na ny tongony; nefo ny gadra tamin'ny tànany notapahiny, ary ny gadra tamin'ny tongony notorotoroiny, ka tsy nisy olona nahafolaka azy. Ary mandrakariva, na andro na alina, dia nitoetra teny amin'ny fasana sy teny an-tendrombohitra izy ka ninananana sady niteti-tena tamin'ny vato.*”

Mahavariana izany zava-niseho izany, saingy tsy misy na inona na inona izay tsy afaka miova eo anatrehan'i Jesosy.

Mark 5:6-14

“*Fa nony nahita an'i Jesosy teny lavitra eny izy, dia nihazakazaka ka niankohoka teo anatrehany sady niantso tamin'ny feo mahery hoe: Moa mifaninona akory izaho sy Hianao, ry Jesosy, Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra? Ampianianiko amin'Andriamanitra Hianao, aza mampijaly ahy,*

*Satria Jesosy efa nanao taminy hoe: Mivoaha amin'ity lehilahy ity, ry fanahy maloto. Dia nanontany azy Jesosy hoe: Iza moa no anaranaao?*

*Ary izy namaly hoe: Legiona no anarako, satria maro izahay. Ary nifona mafy taminy izy mba tsy horoahiny hiala amin'izany tany izany.*

*Ary nisy kisoa maro andiany izay nandrasana teny akaikin'ny tendrombohitra. Ary nifona taminy ireo ka nanao hoe: Alefaso izahay ho any anatin'ny kisoa mba hiditra any aminy. Dia neken'i Jesosy. Ary fanahy maloto, rehefa nivoaka, dia niditra tao anatin'ny kisoa; ary ireo kisoa andiany ireo nitratrevaltreva teny*

*amin'ny hantsana ho any amin'ny ranomasina (tokony ho roa arivo no isany), ka dia maty tany amin'ny ranomasina izy.*

Ary ny mpiandry azy dia nandositra ka nilaza tao an-tanâna sy tany an-tsaha. Dia nandeha ny olona mba hizaha izany zavatra izany”

### **Fahatahorana sy Fandavana**

Nahatalanjona tokoa ilay fahagagana. Afaka teo no ho eo ilay lehilahy! Lasa ireo fanahy ratsy, ary niverina ny sain’ilay lehilahy. Ilaina anefa ny manamarika fa tsy nitovy tamin’ireo fanasitranana tany Galilia ny zava-niseho, satria rehefa nositranina ilay demoniaka tamin’ity indray mitoraka ity, dia tsy nisy fankalazana, fa nisy fahatahorana sy fandavana.

Marka 4:15-17

*“Ary tonga tany amin’i Jesosy izy ka nahita ilay demoniaka, izay nisy ny legiona, fa indro izy nipetraka nitafy lamba sady ary saina; ka raiki-tahotra ny olona. Ary izay efa nahita dia nilazalaza tamin’ny olona izay natao tamin’ilay demoniaka sy ny amin’ny kisoa. Ary nifona tamin’i Jesosy izy mba hiala amin’ny taniny.”*

Tsy faly ireo mponina tao Dekapolisy. Tsy nankalaza izany fanasitranana mahagaga izany izy ireo. Nohajambain’ny fomba fijeriny an’izao tontolo izao sy ny sy fahatahorany izy ireo, ka tsy afaka nankastraka ny asa mahagaga nataon’i Jesosy. Tsy faly izy ireo, fa natahotra. Tsy nihiaka izy ireo hoe: “Lehilahy manana hery mahagaga tokoa ity, tena tsara izany. Tsy nieritreritra izy ireo hoe: “Manana reny marary aho, na zanaka mijaly, na namana sahirana — afaka manampy azy ireo ity lehilahy manana hery mahagaga ity.” Niangavy an’i Jesosy mba hiala izy ireo. Manana hery mahagaga izy, saingy avy “eny am-pita”. Ho an’ireo mponina tao Dekapolisy, ireo olona izay avy “eny am-pita” dia mety handratra azy ireo. Manana tetika manokana ireo olona avy “eny am-pita”. Manana toe-tsaina manambony tena na mitsaratsara na manalavitra ny hafa ireo olona avy “eny am-pita”. Natahotra ny olona izay avy “eny am-pita” izy ireo.

Io fanehoan-kevitra io no maneho ny fanoherana matetika mitranga amintsika rehefa mitondra ny Filazantsara amin’ny olona izay tsy mahalala na manohitra ny hafatr’i Kristy isika. Ny fahatahorana ny tsy fantatra, ny fahatahorana ny hery manova izay manohitra ny fitsipika sy ny fahefana mipetraka, dia mety hitarika matetika ho amin’ny fandavana.

Ary raha nuditra tao an-tsambokely Jesosy, dia nangataka ny  
hiaraka taminy ilay demoniaka. Alaivo sary an-tsaina izany fisehoan-  
javatra izany: Niankohoka teo anatrehan'i Jesosy ilay lehilahy ary  
niangavy hoe: Nipetraka teto tao anatin'izao haizina rehetra izao aho  
nandritra ny androm-piaínako iray manontolo, ary nandrava ahy izany.  
Avelao aho hiala teto. Te hiaraka aminao tsotr'izao aho. Hafoiko ny  
zava-drehetra—ny olona rehetra fantatro, izay rehetra ananako, izay tsy  
betsaka akory—fa mba te-hanaraka anao fotsiny aho.” Tsy manao izany  
fangatahana izany fotsiny izy, fa miangavy, mitomany, mitalaho mafy.  
Nilaza tamim-pitiavana anefa Jesosy hoe tsia. Marka 4:19 “Nefa tsy  
navelan'i Jesosy izy; fa hoy Izy taminy: *Modia ihany any an-tranonao  
ho any amin'ny havanao, ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon'ny  
Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao.*”

Saintsaino hoe manao ahoana ny fihetseham-pon'io lehilahy io rehefa lasa ilay sambokely kanefa tsy tao anatiny izy.

## **Ny Herin'ny Fijoroana ho Vavolombelona:**

Kanefa, misy fanilom-panantenana ao anatin'ity tantara ity. Tsy niara-niverina tamin'i Jesosy ilay lehilahy sitrana, fa nasaina nijanona sy nijoro ho vavolombelona teo amin'ny vahoakany izy. Io lehilahy io, izay nofehezin'ny demonia taloha, ary nafahan'i Kristy izao, no lasa misionera voalohany tany amin'ny faritr'i Dekapolisy, ilay faritra tsy nisy an' Andriamanitra teny am-pitan'ny farihy. Nanaraka ny toromarik'i Jesosy izy ary nanomboka nijoro ho vavolombelona. Manana misiônera isika ankehitriny—izay manana fahalalana mivantana momba ny herin' Andriamanitra manao fahagagana ary nanomboka nanalefaka ny tany mafy tao amin'ny tanindrazany ny fijoroana ho vavolombelona manokana nataony. (Vakio koa ny Lioka 8:38, 39 ).

Volana maromaro no lasa, ary indray andro i Jesosy nanapa-kevitra ny hiverina eny am-pita indray. Tamin'ity indray mitoraka ity anefa, niova tanteraka ny rivo-piaainana—ilay faritany nankahala Azy taloha dia lasa nankalaza ny fanatrehany amin'izao.

Matio 15:29-31

*“Ary raha niala teo Jesosy, dia nankany amoron’ny Ranomasin’i Galilia Izy; ary niakatra nankeo an-tendrombohitra Izy ka nipetraka teo; ary nisy vahoaka betsaka nankeo aminy nitondra ny mandringa, ny jamba, ny moana, ny kilemaina, ary ny maro hafa koa, ka nametraka azy teo akaikin’ny tongotri’i Jesosy; dia nahasitrana azy Izy; ka dia talanjona ny vahoaka, raha nahita ny moana miteny, ny kilemaina sitrana, ny mandringa afaka, ary ny jamba mahiratra; dia nankalaza an’Andriamaniry ny Isiraely izy.”*

Nankalaza an’Andriamaniry ny Isiraely izy ireo! Tamin’ny fotoana voalohany nandehanan’i Jesosy “teny am-pita” dia tsy nisy olona tao an-trano afa-tsya lehilahy iray nampijalin’ny demonia. Ary niangavy Azy ny rehetra mba hiala teo. Tamin’ny fandehanany fanindroany tany kosa, iray amin’ireo fandraisana manaitra indrindra ao amin’ireo filazantsara rehetra no niandry Azy tamin’ny fahatongavany. Inona no nitranga? Nisy lehilahy iray nilaza ny tantarany. Milaza amintsika ny Marka 5:20 fa nisy lehilahy iray nitety tanàna maro, sy nitety ireo faritra manodidina, ka nanao hoe: “Mamelà ahy hilaza aminareo ny momba ny olona iray atao hoe Jesosy sy izay nataony tamiko.” Nanova ny tanàna iray manontolo ny fijoroany ho vavolombelona. Nisy fomba izay nahafahan’io lehilahy io nanatratra ireo olona “teny am-pita”, izay tsy vitan’ny mpianatr’i Jesosy, na ny tenan’i Jesosy mihitsy aza.

Mampiseho ny herin’ny fijoroana ho vavolombelona ataon’ny tena manokana izany fiovana izany —fijoroana ho vavolombelona izay matetika afaka miditra sy manatratra any amin’ny toerana tsy ahafahan’ny fomba amam-panao mahazatra idirana.

#### **Antso ho an’ny Mpianatra Maoderina:**

Aiza àry no ‘eny am-pita’ ho antsika ankehitriny? Mety tsy tanin’ny demonia izany, fa mety ho firenena vahiny, na fiaraha-monina hafa, na faritany manana foto-kevitra mifanohitra mihitsy aza. Mitovy amin’ny an’ireo mpianatra voalohany ny antso alefa amintsika—mivoaka amin-kerim-po avy ao amin’ny faritra mampahazo aina antsika ary mifanerasera amin’ireo izay tena samy

hafa tanteraka amintsika, mitondra ny fahazavan'i Kristy ho any amin'ny toerana feno ny fahamaizinan'ny tsy fifankahazoana sy ny fitsarana an-tendroney. Tahaka an'ilay demoniaka izay nandalo fiovana tanteraka teo amin'ny fiainany, mbola marobe ihany koa no miandry fatratra antsika mba hitory ny Vaovao Mahafaly amin'izy ireo. Miandry fanantenana izy ireo. Maniry fitiavana fatratra. Miandry anao izy ireo, miandry ahy hanatona azy ireo.

### Famaranana:

Eo am-pieritreretana izay toerana mety ho ‘eny am-pita’ ho antsika isika, aoka ho tsaroantsika fa tsy miantso antsika ho amin'ny fahazoana aina, fa ho amin'ny fananana herim-po i Kristy. Midadasika ny sahan'ny iraka maneran-tany, ary mitaky antsika tsy hohoatra ny sisintany araeografika ihany fa ara-kolontsaina, sy fiteny ary ideolojika ihany koa. Manana ny fitaovana mahery vaika indrindra isika, tahaka ireo mpianatra sy ilay lehilahy sitrana tao Dekapolisy —ny fijoroantsika ho vavolombelona sy ny fitiavana manova an'i Kristy izany. Andeha isika hivavaka sy hangataka amin'Andriamanitra ny herim-po sy ny tanjaka mba hahafahantsika mandeha, mitondra izany fahazavana izany, ary hanatri-maso ireo rindrin'ny fahatahorana sy ny fandavana izay tsy azo nozongozonina hattrizay hiova ho vavahadin'ny fandraisana sy ny fanekena.

### Prayer:

Ry Rainay izay any an-danitra,

Misaotra Anao noho izay rehetra ataonao ho anay. Misaotra Anao nandresy lahatra anay ho tonga eto androany. Misaotra Anao tamin'ny asa nanirahanao anay handeha any amin'izao tontolo izao sy hampianatra ny hafa momba Anao. Omeo herim-po sy tanjaka izahay, omeo anay ny fahasahiana nomenao ireo apostoly tany am-boalohany mba hizara ny tontolonao. Aza avela ho kivy izahay. Misaotra Anao izahay ny amin'ny zavatra rehetra.

Amen

## **Fanontaniana Hifanakalozan-kevitra:**

1. Inona no ampianarin’ilay fanapahan-kevitra niniana nataon’i Jesosy handeha ho “eny am-pita” antsika momba ny fivoahana amin’ny faritra mampahazo aina antsika? Ahoana no ahafahantsika mampihatra izany lesona izany eo amin’ny fiainantsika manokana rehefa mila mifanerasera amin’olona na fiaraha-monina izay tsy mitovy amintsika, na ara-kolontsaina, na ara-poto-kevitra, na ara-panahy?

2. Amin'ny fomba ahoana no hitarafan'ny fihetsiky ny olona tany Dekapolisy — fahatahorana sy fandavana ny herin'i Jesosy nanao fahagagana —ny zava-tsarotra atrehin'ny Kristianina ankehitriny rehefa mizara ny Filazantsara any amin'ny toerana tsy mahazatra na feno fankahalana?

Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika manomana ny tenantsika ho amin'ny fandavana mitovy amin'izany, ary inona no tokony hataontsika rehefa tsy raisin'ny olona ny hafatra entintsika amin'ny voalohany?

3. Nirahina hijoro vavolombelona  
momba an'i Jesosy amin'ny olony ilay  
lehilahy sitrana, ary nanova faritra iray ny  
fijoroany ho vavolombelona. Inona no anjara  
asan'ny fijoroana vavolombelona ataon'ny  
tena manokana eo amin'ny fitoriana ny  
filazantsara, ary nahoana izany matetika no  
mahimby kokoa noho ny fomba fanao  
mahazatra amin'ny fanatrarana olona?

Ahoana no ahafahantsika mampiasa ny tantaran'ny fiovantsika manokana mba hanatrarana ny hafa eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika na any ivelany?

## *Ilay Iraka Tsy Mbola Vita: Manatratra ny Bodista amin'ny Filazantsara*

Nanoratra: Dr. Khamsay Phetchareun

### **Matio 28:18-20**

*Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any andanitra sy ety an-tany; koa mandehana ianareo, dia ataoovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambarapahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.*

Efa mba nanontany tena ve ianao hoe firy ny Bodista mbola miandry haheno ny filazantsara sy hihaona amin'i Jesosy amin'ny fomba manokana?

Araka ny voalazan'ny wikipedia.org, ny Bodisma no “fivavahana fahefatra lehibe indrindra eran-tany, manana mpanaraka 520 tapitriza mahery, izay fantatra amin'ny anarana hoe Bodista, ary ahitana ny fito isan-jaton'ny mponina eran-tany. Nipoitra tao amin'ny lemaka atsinanan'i Gangetika izy io tamin'ny endrika hetsika śramaṇa tamin'ny taonjato faha-5 TK, ary niely tsikelikely nanerana ny ankamaroan'ny Azia. Nanana anjara toerana lehibe teo amin'ny kolontsaina sy ny ara-panahy aziatika ny Bodisma tat� aorianana, ka niperitaka tany amin'ny tandrefana tamin'ny taonjato faha-20.” Monina any amin'ny faritra manerana an'izao tontolo izao, indrindra any Azia, Afrika ary Europa (antsoina hoe Varavarankely 10/40) ny ankamaroan'ny bodista —izay ahitana olona maro tsy mbola naheno ny filazantsara. Mipetraka any Azia Atsimoatsinanana ny Bodista mpandala ny nentin-drazana indrindra, any amin'ireo firenena toa an'i

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

Kambodza, Laos, Thailandy, Myanmar ary Vietnam. Ao amin'io faritra io, latsaky ny 1% amin'ny Bodista no efa notratrarina na efa nanaiky an'i Jesosy. Mety ho raisinao ho mampahery ny fahitana fa manodidina ny 1,2% amin'ny mponina ao Thailandy no milaza ny tenany ho Kristianina, kanefa tena mahafa-po anao ve izany? Amin'io 1,2% io dia 0,01% fotsiny no avy amin'ny bodista. Ny ambiny kosa avy amin'ny fomban-drazana animista (mihevitra ny zava-drehetra ho manan'aina sy manan-tsaina). Maneho ampahany tena bitika amin'ny mponina Bodista amin'ny ankapobeny izany. Mbola vitsy kokoa aza ireo Bodista taloha tany Kambodza sy Laos izay nandray ny filazantsara. Kanefa, indraindray isika miezaka mandresy lahatra ny tenantsika fa efa ampy ny fanatrarana an'ireo firenena ireo ho an'i Kristy. Endrika famitahana tena anefa izany fiheverana izany, ka mahatonga antsika hanamarina ny tsy fihetsahantsika amin'ny fandehanana any amin'ireo firenena ireo noho ny filazantsara.

Mizara ho sampana telo lehibe ny Bodisma: Hinayana (na Theravada), Mahayana ary Vajrayana. Miely patrana any Azia Atsimoatsinanana ny Theravada, izay sampana mpandala ny nentindrazana kokoa. Hita any amin'ny firenena toa an'i Shina, Korea, Japon, Hong Kong, Taiwan, ary Vietnam kosa ny Mahayana, izay sampana liberaly kokoa. Vitsy dia vitsy ihany koa ireo Bodista Mahayana izay nandray an'i Jesosy ho Mpamony azy ireo, sahala amin'ireo Bodista Theravada. Midika izany fa mbola midadasika ary mbola betsaka ny asa tsy vita amin'ny fizarana ny filazantsara amin'ny Bodista. Ny Vajrayana, antsoina matetika hoe Bodisma Tibetana, no sampana fahatelo. Hita any amin'ireo firenena voafefy toa an'i Tibet, Bhutan, Nepal, Mongolia, ary ny faritra sasany any Rosia io Bodisma amin'ny endrika mistika io, izay matetika voararan'ny lalàna ny fitorianana ny filazantsara, ka vao mainka sarotra ny manatratra ireo Bodista amin'ny filazantsara.

Hita miharihary ny fivelaran'ny fihaikevitra rehefa mandinika ireo sampana telo amin'ny Bodisma isika: mbola betsaka amin'ny tontolon'ny Bodista no mbola tsy tratra. Raha ny marina, betsaka kokoa aza ny Kristianina miova ho Bodista noho ny Bodista miovava ho Kristianina. Eny fa na any amin'ny firenena izay raisina ho mifandraika lalina amin'ny Kristianisma, toa an'i Australia, Royaume-Uni, ary Etazonia aza, dia iray amin'ireo fivavahana mitombo haingana indrindra ny Bodisma.

Miantso antsika hihetsika izany zava-misy izany. Tsy azontsika tsinontsinoavina intsony ny filana ara-panahin'ny tontolo bodista. Be ny yokatra, fa vitsy mpiasa.

## Ny Baikon'i Jesosy:

*“Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina”* (Matio 28:19)

Anisan'izany ireo Bodista maro izay mbola tsy nandre ny filazantsara tamin'ny fomba manan-danja. **Mila tanora toa anao ny Tompo mba hizara ny fitiavany amin'izy ireo.**

Rehefa nilaza i Jesosy hoe: "Tsy maintsy mandeha ianareo", dia tsy niantso antsika handeha ho amin'ny fialam-boly Izy, fa ho amin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Nandray mpizaha tany miisa 39 tapitrisa i Thailandy, iray amin'ireo firenena be mpitsidika indrindra any Azia, tamin'ny taona 2019, ary vinavinaina ho 35 tapitrisa eo ho eo amin'ny 2024. Maro no voasarika ho any amin'ireo firenena Bodista ireo noho ny hatsaram-panahin'ny olona sy ny fahaizany mandray vahiny. Inona àry no misakana anao tsy hizara ny fitiavan'Andriamanitra any amin'ireo firenena ireo? Raha tonga any amin'ireo firenena ireo amin'ny fo vonona hanataraka ny iraka ianao, tsy isalasalana fa ho voatahy ianao.

## Zavatra Azo Atao sy Tsy Azo Atao:

Azo Atao:

- 1. Aoka ho namana aloha:** Olona sariaka ny Bodista. Atombohy amin'ny fananganana fifandraisana amin'ny alalan'ny hatsaram-panahy, toy ny fizarana sakafio na fizarana fanomezana kely.
  - 2. Mivavaka ho Azy Ireo:** Lazao azy fa afaka mivavaka ho an'izay ilainy ianao. Maro ny Bodista no misokatra amin'ny vavaka, ary rehefa mahita an'Andriamanitra mamaly ny vavaka ataony izy ireo, dia lasa misokatra amin'ny filazantsara ny fony.
  - 3. Mampianatra Teny Anglisy:** Maro ireo tanora any amin'ny firenena toa an'i Thailandy sy Kambodza no te hianatra teny anglisy. Afaka manampy amin'ny fanolorana kilasy maimaim-poana ianao, izay mamorona fahafahana hanorenana fifandraisana sy hizarana ny finoanao.

**4. Manompo amin'ny Fomba Tsotra:** Tsy voatery ho sarotra ny fitoriana. Manomeza fanampiana amin'izay filàna fototra, fa hihaino ny olona rehefa mizara ny finoanao ianao.

## **Tsy Azo Atao:**

- Aza Manakiana ny Finoany:** Fadio ny miady hevitra na mameley ny fampianarana bodista. Mifantoha kosa amin'ny fizarana ny fitiavan'i Jesosy sy ny fijoroana vavolombelona anananao manokana.
  - Aza Manantena Vokatra Eo no ho Eo:** Mety haka fotoana ny fiovam-po, indrindra amin'ny kolontsaina manana foto-pinoana matanjaka. Manàna faharetana ary matokia fa miasa amin'ny alalanao Andriamanitra.
  - Aza Mandeha Irery:** Manangàna tambajotram-panohanana miaraka amin'ireo mpiray finoana sy ny fiangonana eo an-toerana ho fanohanana ara-panahy sy ara-pihetseham-po. Vakio ny Marka 6:7

## **Tsotra ny Fitoriana ny Filazantsara:**

Ary rehefa voasambotra Jaona, dia nankany Galilia Jesosy nitory ny filazantsaran'Andriamanitra ka nanao hoe: *Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra; mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara.* (Marka 1:14-15)

I Jaona Mpanao Batisa no voalohany nitory hafatra momba ny fibebahana, ary noraisin'i Jesosy izany andraikitra izany rehefa nigadra izy, ka nitory ny Vaovao Mahafaly momba ny Fanjakan' Andriamanitra. Talohan'ny niakaran'i Jesosy tany an-danitra, dia nanome toromarika mazava ho an'ny mpianany Izy: tohizo ny fampielezana ny filazantsara manerana ny tany.

*“Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany; koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina 20sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan’ny fahataperan’izao tontolo izao.”* (Matthew 28:18-20)

Mbola nanantitrantitra io hafatra io hatrany i Jaona, ilay mpianatra farany mbola velona, na tamin'ny andro farany tamin'ny asa fanompoany aza, ka mampahatsiahysy antsika mba hanatanteraka ny baikon'i Jesosy.

"Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra." (Apokalypsy 14:6)

Mino isika amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika fa nomen'Andriamanitra antsika, amin'ny maha-Fiagonany Sisa antsika, ny iraka masina history ny filazantsara mandrakizay amin'ny firenena, foko, fiteny, ary olona rehetra, ary miantso ny rehetra hiankohoka amin'ilay Andriamanitra Mpamorona. Mazava ny baiko ary maika ny antso. Andeha isika hiroso hanatanteraka izany asa lehibe izany.

Ahoana moa no fomba hiverenan'ny Tompo raha toa ka 0,01% amin'ny Bodista ihany no tratra? Moa ve tsapanao ny fahamaikana amin'ny famaliana ny baikon'i Jesosy ka handehanana ho any Azia Atsimoatsinanana mba history ny filazantsara amin'ny Bodista? Antso ho an'olon-kafa ve ny Matio 28:18-20, sa natao ho anao? Tokony hiandry ve ianao sa izao no fotoana tokony hiasana?

### Aza Mamerina ny Fahadisoana Taloha

Fahiny ireo razambentsika nanemotra ny fanorenana ny tranon'i Jehovah, satria nino izy ireo fa tsy fotoana mety izao. Moa ve isika manao fahadisoana mitovy amin'izany ankehitriny amin'ny filazana fa tsy izao no fotoana mety hanorenana ny Fanjakan'Andriamanitra eo anivon'ireo Bodista?

"Zao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Ity firenena ity nanao hoe: Tsy mbola tonga ny andro tokony hihaviana hanaovana ny tranon'i Jehovah." (Hagay 1:2)

### Laharam-pahamehana Diso Toerana:

Tsy sarotra takarina akory ny antony nanemoran'ny Israelita ny asa. Mpitsoa-ponenana niverina avy tany Babylona izy ireo, ary tany an-tsositany nandritra ny fitopolo taona. Tsy anisan'ny taranaka izay niala tao Joda ny ankamaroan'izy ireo; ny ray aman-drenibeny izany. Tsy nanana fahatsiarovana ny tanindrazany izy ireo ka voatery nanorina ny fiaiany hatrany am-boalohany, nanomboka tamin'ny trano fonenany. Raha ny hevit'olombelona, toa mitombina ihany izany — nefä tsy izy eo imason'Andriamanitra. Tokony ho laharam-pahamehana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra hatrany ny fametrahana Azy ho loha laharana.

I Jesosy mihitsy no nampianatra antsika hikatsaka ny Fanjakan' Andriamanitra aloha. Kanefa, toa an'ireo Isiraelita, matetika isika no miteny hoe: "Tsy mbola tonga ny andro tokony hihaviana hanaovana ny tranon'i Jehovah", izany hoe fomba iray hafa ilazana hoe: "Avelao aho hanangana ny tranoko aloha, fa aleo hiandry ny tranon'Andriamanitra."

### Ahoana ny Momba Antsika?

Inona no ifantohantsika amin'izao ankehitriny izao? Maro amintsika no variana manorina ny fiainantsika. Toa voajanahary izany fifantohana amin'ny fanabeazana, ny asa, ny fanambadiana ary ny fianakaviana izany. Miasa isika mba hahazoana antoka ny hoavintsika sy ny zanatsika. Kanefa moa ve isika mametraka ireo zavatra ireo ho ambonin'ny Fanjakan' Andriamanitra? **Na tsy misy maharatsy azy aza ny fianarana, ny fanambadiana, na ny fananganana fianakaviana, lasa diso izy ireo rehefa maka ny laharam-pahamehana ambonin'ny asan'Andriamanitra.**

Tsy tokony ho takatr'Andriamanitra ve izany? Eny, fantany fa manandanja ireo zavatra ireo, saingy miantsika Izy mba hametraka ny Fanjakany ho loha laharana. Rehefa manao izany isika dia hipetraka amin'ny toerany ny zavatra hafa rehetra. Aoka isika tsy hamerina ny hadisoana amin'ny fanaovana laharam-pahamehana ny fiainantsika mihoatra noho ny asa nanirahan'Andriamanitra. **Izao no fotoana hanorenana ny Fanjakany.**

### Inona no Tsy Nety Tamin'ny Israelita?

Hitantsika ao amin'ny Hagay 1 fa tsy vitan'ny hoe nanorina trano noho ny filàna fotsiny ny Isiraelita —fa nitady harena izy ireo. Izany no nahatonga an'Andriamanitra ho tezitra. Nitahy azy ireo Izy, kanefa tsy nanome voninahitra Azy izy ireo, fa nifantoka tamin'ny fahazoany aina sy ny fahombiazany manokana. Vokatr'izany, dia "nohidian'Andriamanitra ny paompin'ny fitahiana", ary hita nazava ny vokany.

Nanontany azy ireo Andriamanitra hoe "Moa andro tokony hitoeran'ny tenanareo ao amin'ny tranonareo misy valin-drihana va izao, kanefa rava ity trano ity?" Ary avy eo Izy namariparitra ny vokatry ny laharam-pahamehana diso toerana:

**Namafy be ianareo, nefá kely no taomina.  
Mihinana ianareo, nefá tsy voky.  
Misotro ianareo, nefá tsy afa-po.**

**Mitafy ianareo, nefá tsy misy mafana.**

Izay mahazo karama dia mahazo karama hatao an-kitapo loaka.

Nasehon' Andriamanitra azy ireo fa ~~na~~ teo aza ny ezaka rehetra nataony, tsy afaka niroborobo izy ireo satria nanao tsinontsinona Azy.

#### **Ny Laharam-pahamehana Marina:**

Avy eo Andriamanitra niantso azy ireo hiasa:

“Izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Hevero ny lalanareo.”

Tsotra nefà maika ny toromarika nomen' Andriamanitra:

*“Miakara any an-tendrombohitra, ka makà hazo, ary ataovy ny trano, dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina Aho, hoy Jehovah. Nanampo be ianareo, kanjo indro, kely monja; ary nony notaominareo, dia notsofiko. Nahoana? hoy Jehovah, Tompon’ny maro. Satria efa rava ny tranoko, nefä ianareo samy mihazakazaka hanao ny tranonareo avy. Ary noho izany dia ny aminareo no nitsaharan’ny lanitra tsy hampilatsaka ando sy nitsaharan’ny tany tsy hahavokatra. Ary niantso ny fahamainana Aho hamely ny tany sy ny tendrombohitra sy ny vary sy ny ranom-boaloboka sy ny diloilo sy izay vokatry ny tany ary ny olona sy ny biby fiompy mbamin’izay rehetra efa nisasaran’ny tanana.” Hagay 1:8-11*

Nitondra fahamainana, na ara-batana na ara-panahy, ny laharam-pahamehan'ny vahoaka diso toerana. Nohazonin'Andriamanitra ny fitahiany satria nifantoka tamin'ny fiharian-karena manokana izy ireo fa tsy ny Fanjakany.

## Fiovan'ny Toe-javatra

Mbola nisy anefa ny fanantenana. Nanohina ny fon'ny olona ny hafatr' Andriamanitra tamin'ny alalan'i Hagay:

- Nitondra teny fampaherezana toy izao i Hagay, irak'i Jehovah: "Izaho no momba anareo, hoy Jehovah!"
  - Nampirehitra ny hafanam-pon'i Zerobabela governoran'i Joda sy Josoa mpisoronabe Andriamanitra, ary koa ny hafanam-pon'ny sisarehetra tamin'ny vahoakan'Andriamanitra.

Nanomboka nanorina indray ny tranon' Andriamanitra izy ireo tamin'ny 21 Septambra, tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Dariosy

mpanjaka. (Fanamarihana: matetika eo anelanelan'ny faran'ny Septambra sy Oktobra no misy ny andro faha-21 amin'ny volana fahafito ao amin'ny kalandrie hebreo, na dia tsy mifanaraka tsara amin'ny 21 Septambra isantaona aza.)

Nanamarika fiovana lehibe izany. Rehefa nampitodika ny fifantohany tamin'ny laharam-pahamehan'Andriamanitra ny olona, dia nanavao ny fitahiany Izy. Fampatsiahivana izany fa rehefa Andriamanitra ihany no atao voalohany izay vao mirotsaka ny tena fanambinana.

### Miasa Manao ny Tranon'Andriamanitra

Matetika Andriamanitra no mampitaha ny fiangonany amin'ny fianakavany na ny tranony:

*“Fa raha tratra ela aho, dia ny hahafantaranao izay fitondran-tena mety hatao ao an-tranon’Andriamanitra, dia ny fiangonan’Andriamanitra velona, sady andry sy fiorenan’ny fahamarinana.”* (1 Timoty 3:15)

Tiany ho masina sy tsy misy tsiny ny fiangonany:

*“Mba horaisiny ho an’ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy.”* (Efesiana 5:27)

Midika ho fandraisana anjara amin'ny iraka ny fanorenana ny tranon' Andriamanitra. Niantso mpanarato i Jesosy mba ho tonga mpanarato olona:

*“Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo.”* (Matio 4:19)

### Inona ny Dikan’izany ho Antsika?

Mitaky fiomanana ny fanaratoana. Ireto misy lesona azontsika ianarana avy amin’izany:

**1. Tsy hanatona antsika ho azy ny trondro:** Tsy mitsambikina ao anaty sambontsika na vilanintsika izy ireo—tsy maintsy mandeha any amin’izay misy azy ireo isika. Toy izany koa, tsy hanatona antsika ho azy ny Bodista; tsy maintsy isika no mandeha any amin’izy ireo.

**2. Mitaky fitaovana sy fomba fiasa samihafa ny fisamborana trondro samihafa:** Tahaka ny ilàna hanina manokana ho an’ny karazan-trondro tsirairay, no ilàna fomba samy hafa amin’ny fanatratrarana olona samihafa. Raha mankany amin’ny hopitaly ianao, dia hahita marary — ny fitoriana ny filazantsara amin’ny alalan’ny fahasalamana no hanakoako

kokoa ao an-tsain'izy ireo. Raha mandeha any ambanivohitra ianao, dia hahita mpamboly sy mahanttra — ny fiaraha-mipetraka amin'izy ireo sy fanampiana azy amin'ny fanatsarana ny fiainany no manokatra varavarana ho an'ny fijoroana vavolombelona manan-danja. Raha mandeha any an-tsekoly ianao dia hahita ankizy sy tanora—afaka mifandray mora kokoa amin'izy ireo ianao raha mbola tanora ihany koa.

Filàna maika izany. Miha-kely ny ankamaroan'ny fiangonantsika ao amin'ny Vazravarankely 10/40, izay misy ny ankamaroan'ny Bodista. Vitsivitsy ny Bodista efa azontsika, ary efa antitra ny ankamaroan'ny mambra ao amin'ny fiangonantsika any amin'ireo faritra ireo. **Mila tanora** ny fiangonantsika **hitarika** any Azia Atsimo Atsinanana. Tsy afaka hisarika ny tanora ny antitra, sady tsy afaka mamokatra fitomboana amin'ny lafiny ara-biôlôjika.

Mila **misiônera tanora** isika. Raha nampiasa an'i Mosesy, izay efa antitra, mba hitarika ny olony Andriamanitra, i **Jesosy kosa niantso tanora mba ho mpianany** ary naniraka azy ireo hitory ny filazantsara. Nangataka antsika izy hivavaka mba hahazoana mpiasa bebe kokoa ho any an-tsaha. Tena lehibe tokoa izany filàna izany any Azia, izay misy ny 99%-n'ny Bodista. Ny 1% amin'ny olona any Thailandy, Kambodza, Laos, ary Vietnam ihany no Kristianina, ary latsaky ny 0,1% amin'ny Bodista no nandray ny Kristianisma. Any Thailandy, misy Advantista 17.000, fa avy amin'ny fiaviana animista ny 90% mahery. Latsaky ny 1000 no avy amin'ny fiaviana bodista. Ambany toy izany koa ny salan'isa any Myanmar, Laos, Vietnam, ary Kambodza.

Moa ve mendrika ny handre ny hafatry ny filazantsara ireo Bodista 520 tapitrisa (anisan'izany ny Bodista Sinoa) alohan'ny hiverenan'i Jesosy?

### Ny Mahamaika ny Iraka:

Raha mahatsiaro ho voantso hanao asa ianao, fantaro fa maika ity asa ity. Nasehon'i Jesosy an-tsary izany fahamaikana izany tao amin'ny fanoharana nataony momba ny mpiasa tao amin'ny tanimboaloboka, izay nitadiavany mpiasa na dia tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo aza. Toy izany koa ny fijinjana fanahy. Tsy maintsy angonina ao anatin'ny 3-5 andro ny vary rehefa vonona hojinjaina, raha tsy izany mianjera amin'ny tany ny voa. Toy izany koa ny fanatrarana ny Bodista — efa masaka sy vonona hojinjaina izy ireo izao.

Amin'izao fotoana izao, tsy misy iraka tohanan'ny fiangonana any amin'ny faritra avaratra atsinanan'i Thailandy, izay misy Bodista 23 tapitrisa. Mbola afaka manohy tsy miraharaha ny antso hanatratra ireny olona ireny ve isika? Moa ve satria isika mino fa sarotra loatra ny mizara fitiavan'Andriamanitra amin'ny Bodista?

### **Miantso anao ve ny Tompo? Mila mpiasa tanora ny fijinjana.**

Sahala amin'ny fahasahiran'ny zokiolona ara-batana amin'ny fijinjana vary, dia tsy afaka manatratra ireo Bodista tanora amin'ny fomba mahomby ihany koa taranaka efa zokiny. **Mila misiônera tanora sy mavitrika Andriamanitra mba handeha any Azia ary hampiditra ny vokatra azony. Vonona ny handeha ve ianao?**

### **Hanahaka an'i Isaia sa i Jona ve ianao?**

Nandre ny antson'Andriamanitra i Isaia ka namaly hoe: “*Inty aho, iraho aho!*” (Isaia 6:8). I Jona kosa nandositra ny asa nanirahana azy. Nandeha ihany izy tamin’ny farany, saingy tsy an-tsitrano. Ka tsy aleo ve mandeha an-tsitrano?

Mipetraka ny fanontaniana: Hamaly ny antson'Andriamanitra hitory amin'ny Bodista any Azia Atsimoatsinanana ve ianao? Izao ve no fotoana, sa hitaredretra ianareo, tahaka ny nataon’ny sasany manao hoe: “Tsy mbola tonga ny andro tokony hihaviana hanaovana ny tranon'i Jehovah?”

### **Ahoana no Fomba Hitoriana amin'ny Bodista:**

Maro no tsy mahazo aina amin'ny fanatratrarana ny Bodista, noho ny fifiakàna amin'ny fitaomana latsaky ny 1%. Fa Andriamanitra mangataka ianao fotsiny mba handeha — Izy no hampiasa anao.

**1. Asa Fanompoana amin'ny alalan'ny Fanaovana Asa Soa:** Olona sariaka ny Bodista ary manome lanja ny fifandraisana. Amin'ny alalan'ny fitsidihana ny tranon’izy ireo, ny fanolorana fanomezana kely, ary ny fanorenana fisakaizana, no hitomboan’ny fifampitokisana. Rehefa manontany izy ireo hoe nahoana ianao no tsara fanahy toy izany, dia hanana fahafahana hizara ny finoanao ianao.

**2. Asa Fanompoana amin'ny alalan'ny Vavaka:** Asehoy mivantana ny finoanao ary lazao amin’izy ireo fa afaka mivavaka ho an’ny filany ianao. Tsy mamparinona ny Bodista ny mivavaka amin'Andriamanitra hafa, fa rehefa mahazo valim-bavaka izy ireo, dia mety hanolotra ny fony hoan'i Jesosy. Efa nahita olona narary sitrana sy mpisotro toaka afaka tamin'ny alalan'ny vavaka izahay, ka nitarika olona maro ho amin'ny batisa.

**3. Manatratra ny Bodista amin'ny alalan'ny Sakafo:** Fomba mahery vaika hifandraisana amin'ny hafa ny fizarana sakafo. Hoy i Jesosy:

“Omeonareo hanina izy.” (Marka 6:37). Manokatra varavarana ho an’ny fitioriana ny filazantsara ny fanomezana sakafo ho an’ireo sahirana. Nisy tranga iray, ny fahaizan’ny vehivavy iray mahandro sakafo no nanampy tamin’ny fananganana fiangonana tao amin’ny vohitra Bodista iray.

**4. Mampianatra Teny Anglisy ny Ankizy:** Tena ilaina ny teny anglisy, sady manokatra lalana mora hanorenana fifandraisana amin’ny ankizy sy ny ray aman-dreny ny fampianarana azy, ary maro amin’izy ireo no tafiditra tao am-piangonana taorian’ny nidiran’ny zanany.

**5. Asa Fanompoana amin’ny alalan’ny Onjam-peo:** Mety lazaina ho efa lany andro ny onjam-peo na radio, saingy mbola mahomby izany eto amin’ny faritra misy antsika. Nanao batisa mpihaino maro izahay izay nandre voalohany ny filazantsara tamin’ny alalan’ny onjam-peo

Ahitana vokany ireo fomba tsotra ireo any amin’ny faritra avaratra atsinanan'i Thailandy, izay 100% bodista ny mponina ao. Ny fahavononana ho avy sy hanampy no hany ilainao.

### Famaranana:

Lehibe lavitra noho ny hatramin’izay ny filana misionera any amin’ireo firenena bodista. Ho avy tsy ho ela Jesosy ary manantena anao Izy hanatratra sy hizara ny Vaovao Mahafaly amin’ireo izay mbola tsy mahafantatra Azy. Tsy mila ny ho mpitory teny matihanina na avara-pianarana ambony ianao—manàna fotsiny fo vonona sy saina misokatra. Andriamanitra no hanatanteraka ny fampitaovana anao amin’asa.

Moa ve ianao hilaza hoe: “Inty aho, iraho aho!”

### Vavaka:

Tompo Malala ô,

Manatona Anao amin’ny fo misokatra izahay, vonona hanompo sy hizara ny fitiavanao. Tariho izahay raha manao dingana amim-pinoana mba hitory amin’ireo mbola tsy nandre ny vaovao mahafaly. Omeo herim-po sy fahendrena izahay hanaraka ny antsonao. Aoka ny teninay sy ny fietsikay haneho ny fitiavanao sy ny fahasaoavanao. Mangataka izahay ny mba hanananay fo misokatra amin’ireo namanay Bodista, ary ny Fanahinao mba hitarika azy ireo ho amin’ny fifandraisana Amina. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

## **Fanontaniana Hifanakalozan-kevitra:**

1. Inona avy ireo antony sasany mahatonga ny maro amintsika hisalasala hamaly ny antso hanaparitaka ny filazantsara amin'ireo firenena bodista, ary ahoana no ahafahantsika mandresy ireo sakana ireo?

2. Amin'ny fomba ahoana no  
ahafahantsika manana fanahy iniana kokoa  
amin'ny fananganana fifandraisana amin'ireo  
Bodista mba hamoronana fahafahana hizara  
ny filazantsara, na eo amin'ny fiaraha-monina  
misy antsika na maneran-tany?

3. Amin'ny maha-fiangonana antsika,  
ahoana no hanentanantsika ireo tanora  
zokiny mba hirotsaka amin'ny iraka,  
indrindra any amin'ireo faritra toa an'i Azia  
Atsimo Atsinanana izay manana filàna tena  
maika?

## Miampita ireo Sakana Ara-Kolontsaina

Nanoratra: Dr. Cliff Shameerudeen

### 1 Petera 3:15

*“Fa manamasina an i’Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin’ny anton’ny fanantenana ao anatinareo, nefy amin’ny fahalemem-panahy sy ny fanajana.”*

#### Fampidirana – Hindoism

Inona no tonga ao an-tsaina rehefa mieritreritra ny Aziatika Atsimo isika (Inde, Nepal, Bangladesh, Sri Lanka sns)? Mety hiteny ianao hoe: kolontsaina, fety, dite, na sakafotsinysy anie ny hoe “toeram-pisakafoanana indiana” amin’ny fikarohana sari-tany. Mety ho gaga ianao mahita fa misy trano fisakafoanana Aziatika Atsimo mihoatra ny iray ao amin’ny faritra misy anao. Hianatra bebe kokoa momba ny iray amin’ireo vondron’olona avy amin’io faritra io isika androany, izay antsoina matetika hoe Hindoa.

Hindoa avokoa ny ankamaroan’ny Aziatika Atsimo ary manana fiaviana ao Inde izay toy ny kontinenta kely. Azo lazaina ho teny niforona vao tsy ela akory ny teny hoe “Hindu,” noforonin’ny Fanjakana Britanika tamin’ny taonjato faha-19. Teny ankapobe entina ilazana ny fomba amam-panao ara-pivavahana maro an’isa ao Inde izy io. Araka ny voalazan’ny wikipedia.org, misy Hindoa eo amin’ny 1,2 lavitrisa eran-tany, izay mandrafitra ny 15% eo ho eo amin’ny mponina eran-tany.

Ny Hindoism, raha ny famaritana akaiky indrindra, dia “fianakavianam-pinoana” ahitana sekolim-pisainana maro mandrafitra azy. Mizara sokajy roa no tena hahatakarana azy tsara indrindra: ny fomban-drazana filozofika sy ny fomban-drazana malaza. Araka ny voalazan’i Bharti, ny fomba tsara indrindra hahatakarana ny momba ny Hindoism dia amin’ny alalan’ny “fahatakarana ny Hindoa mihitsy.”

Fomba iray hafa hahatakarana ny Hindoism ihany koa ny

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

fahalalana fa fomba fiaina, sivilizasiona, ary lamina ara-tsosialy izy, mihoatra noho ny maha-fivavahana azy fotsiny; ao anatin'izany ny lafiny ara-moraly sy ara-panahy ary ara-tsosialy eo amin'ny fiainana.

## Fampitahana fohy ny Advantista sy ny Hindoism

### Soatoavina Ara-pianakaviana

Manana soatoavina ara-pianakaviana maro iraisana ny Advantista sy ny Hindoa, na dia tsy manome antoka fa manana soatoavina ara-pianakaviana matanjaka aza ny filazana ny tena ho Kristiana na Hindoa fotsiny. Matetika ny Hindoa no mampiseho soatoavina ara-pianakaviana tsara kokoa noho ny Kristianina. Na izany aza, ekena fa na Hindoa na Advantista ianao, iainana amin'ny alalan'ny fanaovana ezaka fanahy iniana sy fampiharana fomba fiaina ny soatoavina ao amin'ny fianakaviana. Milaza ny fampianaran'ny Hindoa fa ny fianakaviana tsara dia izay mampihatra fanaovana sorona ny tena, fitiavana, fanompoana ny maha-olombelona ary fitandremana ara-pivavahana. Ny Hindoa, sahala amin'ny Advantista, dia mahatakatra sy manaja ny maha-zava-dehibe ny Fotoam-pivavahan'ny Fianakaviana. Araka ny fampianaran'ny Hindoa, ny raim-pianakaviana no lohan'ny fianakaviana, izay mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fitarihana ny fianakaviana amin'ny fanaovana ny yagna, izay fombafomba hatao hahazoana ny fitahian'ireo andriamanitra isan-taona. Fanampin'izany, ny Hindoa dia mitaky amin'ny vehivavy sy ny lehilahy mba hanaraka fitsipika hentitra eo amin'ny fiaraha-monina. Mitovy amin'ny fampianarana ao amin'ny Baiboly izany, izay ilazan'Andriamanitra fa ny ray no loham-pianakaviana, ary ny ray no tokony hitarika ny fianakaviana amin'ny fanompoam-pivavahana sy maneho ny ohatr'i Jesosy Kristy ho an'ny fianakaviany.

Fitoviana hafa eo amin'ny Hindoa sy ny Advantista ihany koa ny fanajana ny maha-olombelona sy ny fampianarany momba ny fanajana ny ray aman-dreny sy ny zokiolona. Manome voninahitra ny anjara birika ention'ny olombelona tsirairay amin'ny fomba samihafa ny Hindoa. Ohatra, mampiasa andro fanompoam-pivavahana manokana ny Hindoa, mba hanehoana ampahibemaso ny fanomezan-danja ny anjara biriky avy amin'ny razambeny.

### Fiainana Ara-panahy

Maro ny Kristianina no diso hevitra amin'ny fieritreretana fa mpanompo sampy izay manao fombafomba fanompoan-tsampy fotsiny ny Hindoa. Tsy fanombanana marina momba ny Hindoa rehetra izany.

Azo sokajiana ho olona manompo sampy ny ankamaroan'ny Hindoa, saingy misy kosa ireo tsy manompo sampy na tsy manompo afa-tsy andriamanitra iray. Ary koa, marina fa manana fombafomba maro izay vahiny ary mety ho sarotra takarina ho an'ny Kristiana ny Hindoa, kanefa azo lazaina ihany koa fa sarotra takarina arak'izany ny fombafomba sy fanao kristiana amin'ny fomba fiery Hindoa. Mahalana ny Hindoa any am-pielezana no mifandray amin'ny Kristianina amin'ny ambaratonga lalina noho ny fahasamihafan'ny fivavahana, ny kolontsaina ary ny fiteny. Ireo antony ireo no manampy amin'ny tsy fahampian'ny fahatakaran'ny Hindoa ny fomba fanompoam-pivavahana, ny kolontsaina ary ny ara-panahin'ny Advantista. Raha ny marina, maro ny Hindoa no diso hevitra fa ny Eglizy Katolika no mandrafitra ny fiangonana kristianina iray manontolo ary ny Papa no lohany. Rehefa mifandray amin'ny Hindoa, dia tsara ny manazava aminy ny momba nyt dia ara-panahin'ny Advantista.

Hindoa maro no vonona hiresaka momba ny foto-kevitra ara-panahy toy ny hoe iza Andriamanitra, ahoana no hahatonga ny olona ho masina, ahoana no handresena ny fahazaran-dratsy, ary inona no ilaina mba hahatongavana ho olona tsara. Tsy mitovy amin'ny an'ny Advantista ny fiheveran'ny Hindoa an'Andriamanitra, ary matetika ny Hindoa no gaga rehefa mahafantatra fa mampianatra ny Baiboly fa Andriamanitra dia fitiavana, mahery Izy, ary miahys ny momba ny raharahan'ny olombelona Izy. Toerana tsara hanombohanao ny fizarana ny finoanao amin'ny Hindoa iray ny fakana fotoana hizarana ny fanandramanao momba ny fitiavan'Andriamanitra anao. Mahaliana ny Hindoa ny fomba fiaina ara-panahin'ny Advantista, indrindra fa ny fampianarana sy ny fomba amam-panao Advantista momba ny famelan-keloka sy ny fiainana feno fiadanana, fahafaham-po ary fahasambarana ao amin'Andriamanitra. Ny tena marina, samy maniry mafy ny hanao dia ara-panahy miaraka amin'Andriamanitra na ny Advantista na ny Hindoa, ary mandray ny fanoloran-tena ho singa tsy azo ialana amin'ny finoany.

### Famonjena

Ny tanjon'ny Hindoa dia ny hahatratra ny *moksha* na famonjena. Andraikitry ny tsirairay ny fepetra fototra ho an'ny *moksha*, na eto amin'ity fiainana ity na amin'ny fiainana hafa. Ho an'ny Advantista kosa, ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra manokana no fara-tampon'ny famonjena, raha ao amin'ny Hindoisma kosa, rehefa tsy misy intsony ny olona iray fa lasa mitambatra ho iray ao amin'ny Zava-misy Mandrakizay, izany no *moksha* na famonjena. Mino ny Hindoa fa hitranga izany amin'ny fanarahana ireo

fombafomba sy fampianarana voafaritry ny Hindoism. Na izany aza, ny Hindoa amin'ny ankapobeny sahirana amin'ny fahazoana antoka ny *moksha*.

Raha ampitahaina, ny Baiboly kosa mampianatra fa afaka mahazo antoka ny amin'ny famonjena ny kristiana amin'ny fanekena izany ho fanomezana maimaim-poana omen'Andriamanitra. Ny fahasamihafana misy eo amin'ireo rafitra roa ireo dia azo avy amin'ny ezak'olombelona ny *moksha* ao amin'ny Hindoism, fa amin'ny Kristianisma kosa, tsy azo amin'ny alalan'ny asa ny famonjena. Ny fihetsiky ny olona iray avy eo no maneho ny fanekeny ny fanomezan'ny famonjena amin'ny alalan'ny fileferana amin'Andriamanitra.

Rehefa mifandray amin'ny Hindus ianao, tsara ny mizara fa manana antoka ny amin'ny famonjena ny Kristianina ary hahazo ny famonjena sy ny fiainana mandrakizay. Na izany aza, tokony hialanao ny fampitahana sy ny fanaovana fifanoherana ny fizotran'ny famonjena satria manana dingana sy fomba maro samihafa ny Hindoa hahazoana *moksha*. Tsara kokoa ny milaza fa maniry ny hihaona amintsika indray Andriamanitra.

### **Fiainana Fanoloran-tena**

Samy mamporisika ny fanoloran-tena tanteraka amin'Andriamanitra na ny Kristianisma na ny Hindoism. Ny fahasamihafana misy eo amin'ireo fivavahana roa ireo dia azo faritana ho ny tanjon'ny fanoloran-tena, ny fantsona hahatongavana ho mpivavaka, ny tombontsoa azo avy amin'ny fanoloran-tena, ary farany, ny vokatra inoana fa azo avy amin'ny fanoloran-tena. Ohatra, ao amin'ny Hindoism, takiana amin'ny mpivavaka ny fandraisana anjara amin'ny fampiharaba ara-panahy isan'andro mba hahazoana ny *moksha* na famonjena. Milaza ny *Bhagavad Gita*, izay soratra masina Hindoa, fa azo vonjena avokoa na ny olona ratsy indrindra azo amin'ny alalan'ny fiantsoana ny anaran'Andriamanitra sy ny fanekena ny fahadisoany (Sarma 2003, 44). Arak'izany, samy hafa ny Kristianisma sy ny Hindoism eo amin'ny fepetra takiana hahazoana ny famonjena. Ao amin'ny Kristianisma, fanomezana maimaim-poana ny famonjena, ary nomena ny fahafahana hifidy an'Andriamanitra ny olombelona. Etsy andaniny kosa, ao amin'ny Hindoism, ny fahafahan'ny olona iray mahafeno ny fepetra sy ny fanao ara-pivavahana fototra no asongadina.

Tafiditra ao anatin'ny fanoloran-tena ny fanompoam-pivavahana ary mitana anjara toerana lehibe amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainana Hindoa. Mampitaha ny fanompoam-pivavahana amin'ny rivotra iainan'ny olombelona ny Hindoa; tsy afaka ny ho velona raha tsy misy azy. Manao

fanompoam-pivavahana tsy tapaka ao an-tokan-trano ao an-trano — ny sasany mivavaka amin'ny maraina fotsiny, fa ny hafa kosa mivavaka maraina sy hariva. Masina ny faritra ivavahana ao an-trano — mety ho faritra voatondro izany, na efitrano iray manontolo, na ampahany amin'ny efitra fandraisam-bahiny. Miovaova arakaraka ny fombandrazana ny fanompoam-pivavahana hindoa ao an-tokan-trano, fa ny Hindoa rehetra kosa mino fa amin'ny alalan'ny fanompoam-pivavahana no hitadiavana ny fanampian'ireo Andriamanitra. Manantena fitahiana ny mpivavaka ary manao fangatahana amin'ny alalan'ny fombafomba atao isan'andro. Hit aoa anatin'ny fombam-pivavahana hindoa ny fanolorana voninkazo sy/na sakafo eo amin'ny alitaran'ny fianakaviana.

Manorina Tetezana

Ny fifandraisian' Andriamanitra, ary ny iraka nampanao viny ho amin' ireo "firenena" dia nifototra tamin' ny fiandrianany teo amin' izy ireo, na manaiky Azy ireo "firenena" na tsia. Ny tena marina, tsy inona fa "rano indray mitete avy amin'ny siny" ireo "firenena" rehetra amin'ny tany manontolo ireo ho an' Andriamanitra (Isaia 40:15). ( Tompkins p. 6 ) Azo ampitahana amin' ireo "firenena" hita ao amin' ny Testamenta Taloha ireo ny fivavahana eran-tany, indrindra fa ny Hindoisma. Mba hanazavana izany dia tsy maintsy takatra ny tiana holazaina amin'ny hoe Hindoisma, sady mitadidy ihany anefa fa tsy fandalinana lalina momba ny Hindoisma ity. (Tompkins pg 12). Kanefa, tahaka an' ireo firenena fahiny, dia tsy vitan'ny hoe manaiky fotsiny fa Andriamanitra no Tompo. Te hitahy ireo firenena Andriamanitra (Genesisy 12:3 ), ary te hitahy ny Hindoa amin' izao ankehitriny izao Izy. Mbola eo an-dalam-pahatanterahana ny antson' Andriamanitra an'i Abrahama, ary mbola hitohy izany raha mbola eto an-tany ny olombelona. (Tompkins pg 12). Antsoina isika mba hanorina tetezana ho an'ireo Hindoan'izao tontolo izao.

## Aiza isika no manomboka?

Samy manana ny fomba fandraisany vahiny sy ny fomba fampianarany ny mpanaraka azy ny vondron'olona tsirairay. Marina koa izany ho an'ny Aziatika Atsimo. Tena zava-dehibe amin'ny kolontsainy ny fandraisana vahiny ary ampianarina dieny fahazazana. Tsy maintsy mampihatra izany ny olon-dehibe ary mampita ireo soatoavina ireo amin'ny taranaka mandimby. Sady adidy ara-pivavahana no adidy ara-

tsosialy ny fandraisana vahiny, hoy ny manam-pahaizana Hindoa. Tsy azo iadiana varotra ny fampiantranoana vahiny na mpamamngy ho an'ny Hindoa. Ampianarina izy fa hahazo fitahiana ny olona iray rehefa mandray vahiny na mpamangy.

Ao amin'ny kolontsaina Azia Atsimo, misy ny fisakaizana miforona rehefa misy ny sakafo. Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, mety hitarika amin'ny tsy fahatokian'ireo namantsika Hindoa ny fifandraisantsika amin'izy ireo ny fandikana diso ny kolontsainy. Ohatra, raha manasa anao ho any an-tranony ny namanao hindoa ka manolotra sakafo na zava-pisotro anao izy nefo ianao mandà, dia azo heverina ho toy ny fandavana ny fisakaizany izany fandavanao sakafo izany. Noho izany, fahendrena ny fitandremana tsara ny fomba amam-panao any Azia Atsimo. Mitaky fotoana sy faharetana ny fanorenana fifampitokisana eo amin'ny Hindoa. Ho mora kokoa ny fizarana ny vaovao mahafaly momba an'i Jesosy Kristy rehefa misy ny fifampitokisana eo aminao sy ny namanao hindoa.

### Fahatakarana ny vahoaka Hindoa

Ny fomba fijery hindoa momba an'izao tontolo izao dia manakana ny hindoa tsy hifangaro amin'ny kristiana, satria mety hitarika amin'ny fifanakalozan-kevitra momba ny lohahevitra ara-panahy izay manohitra ny fomba fijeriny izao tontolo izao izany. Noho izany, tokony ho fantatry ny vondrom-piarahamonina Hindoa ho fitahiana, fa tsy fandrahonana ny mpanao mpianatra. Manokatra ny lalana hifandraisana amin'ny Hindoa, tsy misy fandrahonana, ny modely nomen'i Ellen White ho an'ny Fiagonana Advantista. Ny "fomba fiasan'i Kristy", araka ny voalaza fohipohy ao amin'ny Tanamasoandron'ny Fahasalamana (1905, t. 87), dia fomba voasedra sy voaporofo teo amin'ny Hindoa. Voakorontana ny fomba fijerin'ny Hindoa izao tontolo izao rehefa mifangaro amin'ny Advantista izy ireo. Nomarihin'i Hiebert fa fomba iray hahatongavana amin'ny fiovan'ny fomba fijery izao tontolo izao ny fikasohana amin'ny fomba fijery an'izao tontolo izao hafa. Nanoratra izy fa rehefa miditra amin'ny fomba fijery an'izao tontolo izao hafa ny olona iray dia afaka mahita ny tanjany sy ny fahalemeny izy (Hiebert 2008, 321).

### Mahatsiaro ho Anisany izay vao Tonga ho Anisany

Dia iray manontolo mihitsy ny fahatongavana ho mpianatra. Ny hoe

“Mahatsiaro ho Anisany izay vao Tonga ho Anisany” dia manondro ny dingana alohan’ny haneken’ny Hindoa an’i Jesosy Kristy ho Mpamony azy manokana. Maro ireo modelin’ny maha-mpianatra izay mihevitra fa efa nanaiky an’i Jesosy ilay olona atao mpianatra, ary mety ho marina izany satria misy ny teny hoe mpianatra ny hoe maha-mpianatra. Kanefa, tsy manana rafitra kristiana fanondroana ny momba ny Andriamaniry ny Baiboly ny ankamaroan’ny Hindoa, ary tsy manana fahatakarana ny kolontsaina kristiana. Amin’ny lafiny sasany aza, tsy mifanaraka mihitsy amin’ny foto-pampianarana Kristiana ny kolontsaina Hindoa sy ny fomba fijeriny izao tontolo izao. Noho izany, ilaina ny mandinika fa manomboka alohan’ny faneken’ny olona iray an’i Jesosy amin’ny alalan’ny batisa ny maha-mpianatra. Manoro hevitra ity fomba fiasa ity ny handraisana ny Hindoa ao amin’ny vondrom-piarahamonina Advantista na tsy misy fanoloran-tena amin’ny fomba ofisialy amin’ny batisa aza – izany no hamela azy ireo hanandrana sy hahita fa tsara Andriamanitra. Rehefa manandrana ny fitiavana sy ny fahasoavan’i Jesosy Kristy ny fianakaviana Hindoa dia lasa mahomby kokoa ny fizotran’ny fiovam-po sy ny maha-mpianatra.

## **Tokony sy Tsy Tokony Atao**

Maro ireo teny ao amin'ny tontolo Advantista ampiasaina hanehoana sy hamaritana ny fitoriana ny filazantsara amin'ireo vondron'olona tsy notratrarina. Maro amin'ireo teny ireo no noraisina avy amin'ny antokom-pivavahana kristiana hafa. Indrisy anefa fa maro amin'ireo teny ireo no nanjary feno fitsarana an-tendrony, endrika fanjanahana, fahamboniana, ary faharatsian-toetra amin'ny anaran'i Jesosy Kristy. Ireto ambany ireto misy teny manan-danja vitsivitsy fampiasa matetika tokony ho fantatrao amin'ny fifandraisanao amin'ny Hindoa.

Tsy mitovy amin'ny fahatakaran'ny Hindoa azy ny dikan'ny teny hoe *fiovam-po* amin'ny Kristianisma. Amin'ny Hindoa, midika ho fialana amin'ny kolontsain'ny tena, ny fianakaviana ary ny fiaraha-monina mba hanatevin-daharana zavatra hafahafa sy vahiny ny fiovam-po. Amin'ny tranga sasany aza, lasa olana ara-politika mihitsy ny fiovam-po. Matetika no lasa vato misakana tsy ilaina izay manakana ny Hindoa tsy hanaiky an'i Jesosy ny fanehoana amin'izy ireo ny fiheverana kristiana momba ny fiovam-po. Tsara kokoa ny mamela ny fiovam-po ho fanandramana manokana fa tsy hetsika na andian-teny

ampiasaina rehefa mizara ny finoanao amin'ny Hindoa.

Tena misokatra amin'ny fianarana momba an'i Jesosy Kristy ny Hindoa. Misy fihaikàna mipoitra anefa rehefa amporisihina hatao batisa izy ireo, nefá tsy azony tsara akory ny tanjon'ny batisa na ny dikany. Maro ireo Hindoa izay nandova fahatakarana diso momba ny batisa. Avy amin'ny fanandramana momba ny Kristianina tany Inde taloha io fahadisoan-kevitra io. Araka ny tantara, nankalazaina ho toy ny hetsika nanamarika ny fandresena ny Hindoisma ny batisa. Vokatr'izany, nisy hetsika nasionalin'ny Indiana nipoitra izay nihevitra ny batisa ho fitaovana ara-politika izay nampiasain'ny Tandrefana ho fomba hanindriana ny vahoakany. Amin'izao ankehitriny izao, tsy mbola nisy fiovana firy momba io fomba fijery ny batisa io.

Tsy tokony hoterena na oviana na oviana ny batisa ary tokony ho raisina ho toy ny lafiny iray amin'ny dian'ny olona iray miaraka amin'i Kristy fotsiny. Tokony ho zavatra izay hankalazain'ny Hindoa miaraka amin'ny zanany sy ny vadiny izany fa tsy fomba hampisara-bazana ny fianakaviana na ny fiaraha-monina. Tsara indrindra ny mamela ny fiovam-pon'ny Hindoa ho amin'ny alàlan'ny asan'ny Fanahy Masina ihany fa tsy ny fanerena. Avy eo, rehefa mandeha ny fotoana, mety hanaiky na haniry ny haneho izany ampahibemaso amin'ny alalan'ny batisa izy ireo ary hanohy hijoro vavolombelona eo amin'ny fiaraha-monina misy azy.

Manana fiheverana diso maro momba ny Kristianisma ny Hindoa. Anisan'izany ny fahadisoan-kevitra fa fivavahan'ny Dalits na Harijans ny Kristianisma. Avy tamin'ny fomba nidiran'ny Kristianisma tamin'ireo vondrom-piarahamona Hindu tany Inde no niavian'io fahadisoan-kevitra io. Tsy nifandray asa-tsy tamin'ny sarangan'olona sasany tany Inde ny Kristianisma tamin'ny voalohany; kanefa, mbola mitoetra izany fiheverana izany na dia maro aza ny fiovana efa nitranga taty aoriana. Tsara anefa ny manamarika fa maro ireo Hindoa izay miaiky fa maniry ny hanana ny fiadanana toa an'i Kristy izay misy eo amin'ny Kristianina izy ireo. Ahafahan'ny Hindoa mahita an'i Jesosy Kristy nefy tsy voatery mihaino toriteny ny fandaniana fotoana iarahana amin'izy ireo ao anatin'ny tontolo tsy misy fahatahorana. Afaka mandray toriteny amin'ny alalan'ny fomba fiainana azo ampiharina izy ireo amin'izay. Manandanja fototra amin'ny fametrahana fitokisana amin'ny Hindoa io fotoana laniana miaraka aminy io. Rehefa atao fampiharana, dia azo foronina amin'ny fomba maro ny fifandraisana toy izany, toy ny amin'ny alalan'ny ivon-toerana fanatrarana ny fiaraha-monina; na asa fanompoana amin'ny

alalan'ny vavaka izay mifantoka amin'ny fanasitranana—indrindra indrindra ao an-tranon'ny Hindoa na any am-piagonana, araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina; na asa fanompoana fisakaizana amin'ny alalan'ny fanasana ho any an-tranon'ny tena na fanasana amin'ny fotoam-pivavahana manokana. Na inona na inona fomba ampisaina, ny hifandray amin'ny Hindoa amin'ny fomba izay mitarika azy ireo hahafantatra an'i Jesosy no tanjona.

### Fahafahana Mijoro Vavolombelona

Efa voavalys ao amin'ny Baiboly io fanontaniana io. Nanolotra ny ainy ho an'ny olombelona rehetra i Jesosy Kristy, anisan'izany ny Hindoa. Noho izany, tsy maintsy atao manandrana ny fitiavany avokoa ny tsirairay. Kanefa, tsy mahatonga ny Advantista ho tsara kokoa noho ny Hindoa ny andraikitra amin'ny fijoroana vavolombelona. Ny fitsipika fototra tokony hotsaroana rehefa mizara ny finoanao amin'ny Hindoa dia ny hoe miasa ary efa niasa teo amin'ny fiainan'ny Hindoa Andriamanitra, ela be talohan'ny nifandraisan'ny Advantista voalohany tamin'izy ireo. Maneho amintsikla ireo fitoviana voalaza etsy ambony fa manana foto-pinoana maro mitovy amin'ny fampianaran'ny Baiboly ny Hindoa. Mino ny Hindoa fa misy ny ratsy sy ny fanahy ratsy. Ny ilainy dia ny fitarihana amin'ny diany ara-panahy miaraka amin'Andriamanitra, sy fomba fanatonana izay mitaky fanetren-tena, faharetana ary fitiavana ho an'ireo namanao Hindoa.

Tsy mahafantatra ny fomba fijery an'izao tontolo izao Kristiana ny Hindoa. Ohatra, inoana fa tsy mahafantatra ny tantaran'i Mosesy na Adama izy ireo, natsy mahatakatra ny dikan'ny teny kristiana toy ny fanamasinana na fanamarinana. Noho izany, tsara indrindra raha tsy ampisaina ny fanomezana porofo avy amin'ny toko sy andininy rehefa mampianatra Baiboly ny Hindoa. Azonao atao kosa ny milaza tantara iray amin'izy ireo ary hazavao ny dikany sy ny fampianarana ao amin'io tantara io. Efa mahazatra ny Hindoa izany fomba fianarana izany. Matetika manintona ny Hindoa ny tantaran'ny fiainan'i Kristy sy ny zava-mitranga amin'ny andro farany. Ohatra tsara hanombohana ihany koa ny tantaran'i Rota sy ny bokin'i Jaona rehefa mianatra Baiboly miaraka amin'ny Hindoa. Tadidio anefa fa mora very hevitra ny Hindoa momba ny fahafatesan'i Jesosy. Maro no mino fa tsy mety maty Andriamanitra. Manampy indrindra ny fampiasana fiteny tsotra.

## Mizara ny finoanao: Lohan'ny Fianakaviana

Amin'ny hetsika miompana amin'ny vondrona, tokony any amin'ny *karta* (loha) an'ny fianakaviana sy fiaraha-monina ny fifantiohana. Ny *karta* no olona manam-pahefana indrindra ao amin'ny fianakaviana. Matetika ny lehilahy no loham-pianakaviana, ary sady tiana no atahorana ny *karta*. Raim-pianakaviana izay mety ho ray na raibe na rafozana na dadatoa izy, na koa vehivavy hajaina amin'izao andro maoderina izao (Sinha 1995). Ho mora kokoa ho an'ny fianakaviana sisà ny hanaiky ny finoana vaovao rehefa manaiky ny fampianaran'i Jesosy ny lohan'ny fianakaviana. Ny Baiboly dia mirakitra tantara momba ny firafitry ny fianakaviana mitovy amin'ny an'ny rafi-pianakaviana Indiana. Hoy i Josoa, mpitarika ny vahoakany: "*Fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i JEHOVAH izahay.*" (Josoa 24:15).

## Olon'ny Fiadanana

Fanampin'izany, nanoro hevitra momba ny modelin'ny olon'ny fiadanana i Jesosy ao amin'ny Lioka 10:5-12 . Araka io andalan-teny ao amin'ny Baiboly io, tokony hitady olon'ny fiadanana eo amin'ny fiarahamonina Hindoa ny Advantista. Mponina ao amin'ny fiaraha-monina ny olon'ny fiadanana, olona hajaina ary afaka mitaona ny hafa amin'ny diany mankany amin'i Kristy. Ohatry ny olon'ny fiadanana hafa ao amin'ny Baiboly ilay kapiteny (Lioka 7:1-10), ilay vehivavy samaritana (Jaona 4:1-30), Kornelio (Asa. 10:9-11:1), Lydia (Asa. 16). :13-15), ary ilay mpiandry tranomaizina Filipiana (Asan'ny Apostoly 16:22-38). Nitaona ny hafa hanaiky an'i Jesosy ireo olona rehetra ireo.

## Ivon-toerana Fanatrarana:

Araka ny voalazan'i Gary Krause (2019), ny *Life Hope Centers* (Ivon-toerana hoan'ny Fanantenan'ny Fiainana) dia ivon-toerana izay manaraka ny modelin'ny asa fanompoan'i Jesosy izay misahana ny tena iray manontolo. Nomarihiny fa nanoro hevitra i Ellen G. White ny mba ahitana karazana hetsika sy asa isan-karazany ireo ivon-toerana ireo, toy ny fanabeazana momba ny fiainana, efitrano fitsabooana, trano fisakafoanana ary tarika madinika (Krause 2019).

Afaka manampy amin'ny fanamorana ny fifandraisana amin'ny tontolo tsy kristiana ireo ivon-toerana ireo amin'ny alàlan'ny "fifandraisana aratsosialy" (White 1905, 480). Tsy fanaovana laza masaka ity modely ity fa

fomba fiasa organika izay manomboka sy mifarana amin'ny fanomezana fahafaham-po ny filàn'ny olona, na inona na inona fiaviana na safidy nataony teo amin'ny fiajinana.

## Ny Herin'ny Vavaka:

Amin'ny ankapobeny, manokatra varavarana ho an'ny fifanakalozan-kevitra sy ny fahafahana mifandray maharitra ny fanaovana vavaka ho an'ny Hindoa. Asehon'ireo fijoroana vavolombelona avy amin'ny Hindoa fa rehefa tratran'ny toe-javatra mampidi-doza ny havan-tiany, toy ny aretina lehibe na rehefa azon'ny fanahy ratsy, dia nitady fanampiana avy amin'ireo mpitarkika ara-panahy kristiana izy ireo. Nisy ireo Hindoa nijoro vavolombelona fa amin'ny ankamaroan'ny tranga, dia nanaiky an'i Jesosy Kristy izy ireo noho ny valim-bavaka nomeny. Zava-dehibe ho an'ny Hindou ny fanarahana an'Andriamanitra rehefa mamaly vavaka Izy. Mampianatra ny Baiboly fa nantsoina hanompo ny Hindoa ny mpanara-dia an'i Jesosy, na inona na inona fanapahan-kevitra raisiny na hanaraka Azy na tsia.

Midiaka izany fa tsy maintsy vavaka marina ny vavaka manokana atao ho an'ny mpiara-miasa, mpiara-monina, na namana Hindoa. Amporishihina ihany koa ny fanaovana vavaka fananelanana ho an'ny Hindoa. Hindoa maro no voafatotr'i Satana. Raha manana fianakaviana marary izy ireo, manolora hivavaka miaraka aminy na asao ny pasitoranao, raha mahazo alalana, mba hivavaka ao an-tranony. Mariho fa raha asaina mivavaka ho an'ny Hindoa ao an-tranony ianao, tsara indrindra raha manala ny kiraronao alohan'ny hivavaka, na alohan'ny hidirana ao an-trano mihitsy aza. Fomba iray hafa hijoroana vavolombelona amin'ny Hindoa ihany koa ny vavaka mba hanafahana azy ireo amin'ny fanahy ratsy, satria manokatra varavarana izany hifampiresahana amin'izy ireo momba ny herin'Andriamanitra, hery izay tsy hita ao amin'ny Hindoisma. Manitona ireo Hindoa io fomba tsotra sy mahery vaika hanesorana ny fanahy ratsy io.

Ny Hindoa dia mino fa fomba lehibe ahafantarana ny anjara, ny ho avy, ny olana ankehitriny, ny zava-miafin'ny fiainana, ary ny fitsabahan'ny fanahy ratsy ny nofinofy. Manana fomba maro ny Hindoa hamaritana nynofy, miankina amin'ireo fomban-drazana Hindu isankarazany. Kanefa, mitady mpitarika ara-pivavahana ny Hindoa rehetra mba hahazoana tari-dàlana momba ny nofinofiny, ary amin'ny

ankapobeny dia mivavaka izy ireo mba hanomezan'andriamanitra azy ireo nofinofy.

### **Antso**

Tena faly aho fa tia ireo Hindoa 1,2 lavitrisa eran-tany i Jesosy. Miantso ny tanorantsika Andriamanitra mba hizara ny fitiavany amin'ny vahoaka Hindoa. Ny baiko nomena ny Fiagonana Advantista dia ny hizara ny "vaovao mahafaly" amin'izao tontolo izao, ary anisan'izany ny Hindoa. Manao fanamby amintsika Ellen White ao amin'ny asa sorany mba hiampita ireo sakana ara-kolontsaina, sy amin'ny fiteny mba hanatratrarana ireo izay noana ny "fahamarinana." Afaka manomboka amin'ny vavaka isika. Manasa anao izahay hisoratra anarana ao amin'ny tranonkalan'ny Foiben'ny Misiona Maneran-tany ho an'ireo Fivavahana Aziatika Atsimona *Global Mission Center for South Asian Religions* (gmcsar.org) mba hahazoanao dika mitovy amin'ny taridalam-bavaka isan-taona. Manaraka izany, manorena fifampitokisana amin'ny alalan'ny fisakaizana. Dingana manaraka tsara arahana ny fanehoana fangorahana sy ny fanampiana azy ireo amin'ny filany. Afaka hisokatra ny varavarana ho an'ny tanora Advantista mba hizara ny finoany amin'ireo Hindoa 1,2 Miliara maneran-tany amin'ny alalan'ny fifandraisana ara-tsosialy sy ara-panahy.

### **Vavaka:**

Ry Rainay izay any an-danitra,

Misaotra Anao izahay noho ny kolontsaina sy fomba amam-panao manankarena ananan'ireo rahalahy sy anabavinay Hindoa, ary noho ny fahafahana mizara ny fitiavanao amin'izy ireo. Tariho izahay hanatona azy ireo amim-panetren-tena sy fanajana ary fangorahana marina. Aoka hitaratra ny fahasooavano ny teninay sy ny fihetsikay, ary ny Fanahinao Masina anie hanomana ny fon'izy ireo handray ny fanantenana anananay ao amin'i Jesosy Kristy. Ampio izahay hanorina tetezan'ny fifankazahoana sy fifampitokisana, mba hipaka amin'ny vazan-tany rehetra ny fitiavanao.

Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

## **Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra:**

1. Ahoana no ahafahantsika mizara ny finoantsika amin'ny Hindoa amin'ny fomba izay mitaratra fahalemem-panahy sy fanajana, araka ny ampianarina ao amin'ny 1 Petera 3:15 ?
  2. Ahoana no ahafahan'ny fanorenana fifampitokisana sy fifandraisana amin'ireo Hindoa mamorona fahafahana hizarana ny filazantsara?
  3. Inona no soatoavina iraisan'ny Advantista sy Hindoisma izay afaka manampy antsika amin'ny fizarana ny fanantenan'ny famonjena amin'ny Hindoa?

# TORITENY 4

## *Fifantohana: Vahoakan 'izao tontolo izao*

# *Tanàn-dehibe misy anao, Iraka ho Anao*

# **Nanoratra: Jonathan Contero**

## **1 Korintiana 3:16**

*“Tsy fantatrareo va fa tempolin’Andriamanitra ianareo, ary ny Fanahin’Andriamanitra mitoetra no anatinareo?”*

Nisy misiônera iray tany Europa nanoratra ity fanandramana niainany ity teo amin'ny faha-16 taonany. Hoy izy: "Na teraka tao amin'ny fianakaviana saika Advantista avokoa aza aho (natao batisa ny raiko tamin'izaho 9 taona, nefà nanaja foana izy ny nitondra'ny reniko anay tany am-piagonana), dia nanana fahatanorana somary misavoritaka. Nitarika ahy hiala tsikelikely tamin'Andriamanitra sy ny fiagonana ny faniriana hikaroka zava-baovao sy ny fikomiana raiki-tapisaka amin'ny tanora. Tsaroako ny andro iray tamin'ny fahatanorako, nandeha natory tany antranon'ny namako iray aho niaraka tamin'ny namana iray hafa. Tany izahay no nahita tavoahangy miafina izay nampirimin'ny raibeny tao antreno, izay tsy hita izay hanaovana azy satria fanomezana avy tamin'ny mpanjifa ireo. Mazava ho azy fa tsy nampiasainay ho amin'ny tsara izy ireo. Tsy nahafehy tena intsony izahay, ary tsy hotantaraiko amin'ny antsipiriany, fa niafara tany amin'ny tobin'ny polisy aho nandritra ny alina iray manontolo. Rehefa afaka ora vitsivitsy, nasaina niantso ny ray amandreniko aho, satria latsaky ny 18 taona. Tsy ny polisy no tena nampatahotra ahy, fa ny fihetsika ho asehon'ny ray aman-dreniko. Tsy dia masiaka loatra ny reniko, saingy vehivavy tamin'ny androny izy, teraka tany Espania tamin'ny 1949, tamin'ny fotoan'andro izay indray mandeha monja no hazavaina ny zavatra iray. Izany hoe sahirana ianao raha tsy azonao amin'iny indray mandeha iny. Natahotra mafy aho hanao izany antso izany. Ao anatin'izany antso izany indrindra mantsy, dia afaka mahatsapa ny fahafaham-baraka sy ny henatra amin'ny ilany iray amin'ny telefaona ianao, ary ny fahatairana sy ny tsy finoana amin'ny ilany hafa. Eny, 16 taona aho, miantso ny ray aman-dreniko amin'ny 5 maraina mba haka ahy

any amin'ny tobin'ny polisy. Olona telo no tonga naka ahy: ny zokiko lahy (izay nandrandaiko saika tamin'ny zava-drehetra...tsy hoe manambany ireo zokiko lahy roa hafa aho), izay njery ahy toa tsy nino mihitsy. Ny raiko, izay mitovy fijery tamin'ny zokiko. Ary ny reniko, miaraka amin'ny endrika tsy voavaky teo amin'ny tarehiny. Tsy handainga aho, nakimpiko ny masoko, niandry handray ny tehamaina lehibe indrindra teo amin'ny fiainako; Nihenjana ny vatako, nohazoniko ny fisefoako, vonona ny handray ilay kapoka.”

Mahatonga ahy hisaintsaina zavatra vitsivitsy ny tantarany. Inona no fiheverantsika an'Andriamanitra? Manao ahoana ny endrik'Andriamanitra ao an-tsain'ny olonan'izao tontolo izao any an-tanàn-dehibe? Moa ve mbola ilay solontenan'Andriamanitra izay maneho ny fitiavany eo amin'ny fiarahamoina ny fiangonana amin'izao ankehitriny izao? Moa ve isika mandray ireo izay mila famerenana amin'ny laoniny? Moa ve ireo izay mitovy finoana aminao ihany no manan-jo ho raisin'Andriamanitra?

Andeha isika hiaraka hanao dia ao amin'ny Baiboly, ary hijery ny antom-pisian'ny fiangonana ho an'ny tanàn-dehibe.

## 1. Inona no natiora sy antom-pisian'ny tempoly ao amin'ny Baiboly

A. Eksodosy 25:8, “*Ary asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy, dia honina eo aminy Aho.*” : Dika mitovy amin'ny modely naseho tamin'i Mosesy ny fitoerana masina. Nanan antom-pisiana ara-pedagojika izy mba hahafahan'ireo mpanara-dia an'Andriamanitra mahatakatra ny drafitra natao hampitsaharana ny fijaliana sy ny tsy rariny ary hamoronana tontolo iray ahafahan'ny olombelona miaina ao anatin'ny fahasambarana maharitra. Ny antom-pisiana lehibe indrindra nomen'Andriamanitra anefa dia ny hoe TE HONINA EO AMIN'NY VAHOAKANY IZY. Naniry ny hiara-monina amin'ny olony Andriamanitra. Tsy mahagaga ve izany? Izany hoe, toy ny nifindra monina teo amin'ny manodidina Andriamanitra. Nonina tao amin'ny Tabernakely ny Shekinah (fanatrehan'Andriamanitra).

B. Matio 1:23, “*Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela, izany hoe, raha adika: Andriamanitra.*” : Io anisan'ny toko bsy andininy be mpampiasa indrindra mandritra ny vanim-potoanan'ny Krismasy. Diniho tsara anefa ny dikan'ilay anarana: “Amintsika Andriamanitra”. Ny fahaterahan'i Jesosy, ny fahatongavan'ny TENY, Andriamanitra tonga olona, ary mahazo anaram-

boninahitra mifanaraka amin'ny antom-pisian'ny Testamenta Taloha: Te honina amintsika Andriamanitra (Jaona 1:14).

C. Jaona 2:19-21, “*Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Ravao ity tempoly ity, ary amin'ny hateloana dia hatsangako indray izy. Fa hoy ny Jiosy: Enina amby efa-polo taona izay no efa nanaovana ity tempoly ity, ka Hianao va hahatsangana azy amin'ny hateloana? Fa ny tenany no tempoly nolazainy.*” : Efa im betsaka angamba ianao no efa nandre an'io andininy io. Eritrereto vetivety io andalana arahintsika io. Inona ilay tempoly tao amin'ny Testamenta Taloha? Inona ilay tempoly fony Jesosy niaina teo anivontsika? Moa ve misy trano afaka itoeran'ny fahafenoan'ny fanatrehan'Andriamanitra mihoatra noho Jesosy avy any Nazareta? (Kolosiana 2:9).

D. 1 Korintiana 3:16, “*Tsy fantatrareo va fa tempolin'Andriamanitra ianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra no anatinareo?*” sy ny 1 Korintiana 6:19, “*Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo.*” : Taorian'ny niakaran'i Jesosy tany an-danitra no nilazan'i Paoly an'izanty. Mahatonga antsika ho very hevitra izany. Aiza ny tempoly, aiza no itoeran'ny fanatrehan'Andriamanitra? Tsy nisy dikany intsony ny fiverenana amin'ny rafitry ny Testamenta Taloha. Tsy afaka ny ho tempoly intsony i Jesosy satria efa any an-danitra Izy izao. Eny, ry sakaiza malala, ianao no tempoly amin'izao ankehitriny izao. Te honina ao am-ponao Andriamanitra, miaraka amin'ny kilema sy ny hatsaran-toetranao, ny fahalemenao sy ny tanjaka anananao, ka tokony ho mendrika izany ny fiainantsika manontolo, noho izany antony izany.

### Lesona vitsivitsy azo raisina:

- Manao ny dingana voalohany mandrakariva Andriamanitra.
- Manatona mandrakariva ny olombelona Andriamanitra: ny Tabernakely, Jesosy eo anivontsika, ary ankehitriny ny tenantsika. Tsy misy toerana hafa akaiky kokoa ahafahan'Andriamanitra ho eo anilanao. Izany no nampahatsiahivin'i Paoly antsika ao amin'ny Asan'ny Apostoly 17:27 fa tsy lavitra antsika Izy.
- Tsy afaka mitoetra anaty “tempoly” Andriamanitra (Asan'ny Apostoly 17:24). Tsy afaka itoeran'Andriamanitra ny vato. Tsy ao amin'ny trano fiagonantsika ny fanatrehany fa ao amin'ny

fiangonana—izany hoe ireo olona mandrafitra izany.

- Miasa mavitrika Andriamanitra, ka mitady sy mamonjy ilay ondry sy ilay farantsa ary ilay zanaka very.
  - Manatrika eo foana Andriamanitra, eo anilan'ny olombelona

## \*\* Ho fandinihana:\*\*

1. Fantatsika fa nanana ny ilavana azy manokana ny trano, nanomboka tamin'i Jesosy, saingy isika no tena tempoly (Matio 18:20). Fiagonana inona ary no tokony hotohizako haorina mba hanatanterahana ny fikasan' Andriamanitra?
  2. Ahoana no ahafahako mandray ny mponina an-tanàn-dehibe amin'izao fotoana izao, any amin'ny oniversite, tahaka ny handraisan' Andriamanitra ahy?
  3. Fantatrao ve ny fiafaran'ny tantara? Lasa Tempoly indray Jesosy. Ny fanatrehan' Andriamanitra tsy manam-petra mitoetra eo amintsika mandrakizay izany (Apokalypsy 21:22).

**2. Inona no natiora sy antom-pisian'ny fiangonana ao amin'ny Baiboly?**

“Ny fiangonana no fitaovana notendren’ Andriamanitra hilaza ny famonjena amin’ny olona. Nalamina ho amin’ny fanompoana izy, ary ny hitondra ny filazantsara ho an’izao tontolo izao no asa nanirahana azy.” – Vavolombelona Mahery, t.11.

Inona no fiantraikan'io teny io aminao? Inona no andraikitrity ny fiangonana? Ny teny grika nadika hoe "fiangonana" amin'ny ankapobeny dia midika hoe "fivondronan'olona mifantoka amin'ny ivelany".

Matetika, isika rehefa mieritreritra ny fiangonana dia manao izany amin'ny fomba tsy azo tsapain-tanana. Indraindray isika mieritreritra ny fiangonana eo an-toerana, ny trano fiangonana, ny rafi-fandaminana, sns. Ny olon'izao tontolo izao kosa mahita ireo sarin'ny fiangonana rehetra ireo saingy amin'ny fomba fijery miiba: ny ambaratongam-pahefana, ny fampahoriana, ny fanararao tam-pahefana, ny tsy rariny ary ny fangatsiahana no hitany. Ny hafa koa mihevitra fa tsy mila fivavahana na fiangonana isika satria afaka mivelona samy amin'ny tenany avy. Inona no azontsika atao amin'ny maha-fiangonana antsika

mba hanomezana azy ireo fahitana hafa? Fahitana famonjena, fanompoana, Vaovao Mahafaly.

Andeha isika hanaraka ny dingan'ny famakafakana ny fiangonana.  
Manolotra ity drafitra manaraka ity aho:

- Inona no atao hoe fiangonana? Endrika isehoana/Foto-kevitra
- Manao ahoana ny fiangonana? Fomba fiasa
- Nahoana no ny fiangonana? Antom-pisiana

Inona no atao hoe fiangonana? Marina fa vao avy niresaka momba izany isika, saingy ho gaga ianao amin'ny hamaroan'ny valiny ho hitanao raha manontany ny mambran'ny fiangonantsika tsirairay hoe inona no atao hoe fiangonana. Ireto ny sasany amin'ireo ohatra hitako:

- \* Ny trano ara-batana, miaraka amin'ny ampahany masina sy tsy dia masina - Ny anaram-piangonana (ny vatana araky ny foto-pampianarana)
- \* Ny rafi-pandaminana (amin'ny maha andry manokana: fikambanana, fivondronam-be, diviziona, sns.)
- \* Ny tsirairay: samy mamolavola ny fomba fifandraisany amin'Andriamanitra. Mety banana ohatra hafa maro ianao.

Any Europa, ohatra, miteraka olana vitsivitsy ny fiheverana ny fiangonana ho trano. Trano fiangonana an'arivony no nafoy na amidy ary averina ampiasaina amin'ny zavatra hafa, na rava mihitsy aza. Raha trano no eritreretintsika, vitsy kokoa ny fiangonana ankehitriny noho ny taloha. Mety hiovaova ny olona ao amin'ny trano iray, fa ny fiangonana kosa mitoetra. Tsy hafahafa ve izany? Alaivo sary an-tsaina hoe fiangonana tsy misy trano; inona no fototra hanorenana azy? Tandremo tsara, tsy milaza aho fa tokony handrava ny trano isika. Tena ilaina sy manan-danja izy ireo. Ny tiako ambara dia mihoatra noho ireo voalaza rehetra ireo ny fiangonana. Nampianatra antsika ny valan'aretina COVID-19 fa ny olona no fiangonana. Ianao no fiangonana. Izaho no fiangonana. Samy tao an-tranony ny tsirairay nandritra ny valan'aretina, saingy niady mafy ny fiangonana, ary amin'ny tranga sasany aza, mbola miezaka ny hijanona ho tafaray na eo aza ny sakana. Eny, nopofointsika nandritra io fotoana io fa ny olona no fiangonana — isika, fa tsy ny trano. Noho izany:

- Ny fiangonana dia ny olona fa tsy ny trano.

- Ny fiangonana dia momba ny mpianatra fa tsy ny fandaharana.
- Ny fiangonana dia tsy zavatra tsy azo tsapain-tanana, fa vatana velona, fivondronan'olona ho fiaraha-monina iray.

Izao no fanontanioana voalohany tokony hapetraka mialohan'ny hanombohana asa iray: "Nahoana no tokony hisy ny fiangonana?"

Raiso ny Baiboly ary andeha isika hanomboka dia iray hafa hahitana ny antom-pisian'ny vahoakan'Andriamanitra: - Ny maha zava-dehibe ny hoe noforonina araka ny endrik'Andriamanitra:

A. Eksodosy 7:1: Inona no anjara asan'i Mosesy teo anatrehan'i Farao? Ary Arona? Manana ohatra isika ao amin'ny Baiboly ny amin'ny olon'Andriamanitra izay maneho ny endriny amin'ireo tsy mahafantatra Azy.

B. 2 Korintiana 3:2-3: Isika no taratasy fanolorana an'Andriamanitra ho an'ny fiaraha-monina. Isika no Baiboly hovakian'ny olon'izao tontolo izao. Ny fihetsika asehontsila no pejy ho hitan'izy ireo mialohan'ny hanombohany hahita an'i Jesosy. Mifanaraka amin'izay noresahintsika omaly izany: ny fahitan'izy ireo an'i Jesosy ato anatiko.

C. 1 Petera 2:9: Fantatrao tsara ity andalana ity sy ny fiantraikany. Mpisorona avokoa isika rehetra, na inona na inona toe-javatra misy antsika.

D. Eksodosy 19:6: Mety tsy dia mahafantatra loatra an'ity andalana ity angamba ianao. Fakafakao izy roa ary jereo ny zavatra iraisan'izy ireo. Mampitaha ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao isika. Kanefa, tsy miova mihitsy Andriamanitra..

### **\*\* Ho fandinihana:\*\***

1. Na ao amin'ny Testamenta Taloha na ny Testamenta Vaovao, ny vahoakan'Andriamanitra dia "fanjakana" mpisorona. Amin'izao androntsika izao, i Jesosy no Mpisoronabe, izay tondroin'ny zavatra rehetra. - Ny mpisorona no mpanelanelana amin'Andriamanitra sy ny olombelona. - Tsy hisolotena ny maha-olombelona no anjara asany fa hisolotena ny maha-Andriamanitra.

2. Taratr'Andriamanitra ny olona. Isika no ohatra amin'ny dikan'izany hoe olombelona tafaverina amin'ny endrik'Andriamanitra izany.

3. Vatana miray sy velona isika (1 Korintiana 12). Andeha isika hiverina amin'ilay andalan-teny hoe: "Ny fiangonana no fitaovana notendren'Andriamanitra hilaza ny famonjena amin'ny olona. Nalamina

ho amin'ny fanompoana izy, ary ny hitondra ny filazantsara ho an'izao tontolo izao no asa nanirahana azy.” (VM 11)

4. Noho izany, ny fiangonana dia:

- a. Fomba iray ahazoana famonjena, satria mitarika ny olona ho eo amin'i Jesosy
- b. Manana anton-pisiana amin'ny fanompoana
- c. Manana iraka hitory ny Vaovao Mahafaly. Manolotra anao mihoatra noho izay azonao eritreretina Jesosy! Inona ary ny fiangonan'Andriamanitra? Apetrako aminao ao anatin'ny vavaka izany valiny izany, mba hanazavan'Andriamanitra anao. Tsy maintsy miantefa amin'ny taranaka rehetra ny Filazantsara satria maharitra mandrakizay ny Vaovao Mahafaly.
- d. Vondron'olona mitondra ny fanatrehan'Andriamanitra manova na aiza na aiza alehany.

Tadidinao ilay tantaran'ny reniko? Niandry ny ratsy indrindra aho rehefa nanatona izy. Kanefa, famihina no tsapako. Ny famihin'ilay vehivavy ray metatra sy sasany izay nahita ahy teraka ary afaka nanjera ahy mora foana. Famihina mafy sy lava, niaraka amin'ny ranomaso sy fijaliana. Fa ambonin'ny zava-drehetra, miaraka amin'ny fatram-pitiavana tsy manam-petra. Ry sakaiza malala, lazaiko aminareo fa tena tsapako mafy ny famihin'ny reniko aho. Saingy teo amin'ny toerana nisy ahy, lavitra an'ilay Andriamanitra tia ahy fatratra, dia tsapako fa famihinan'Andriamanitra ahy izany. Tao anatin'izany famihina izany ihany koa no nahatsapako Andriamanitra nilaza tamiko hoe: hilamina ny zava-drehetra. Voavela ianao.

### Vavaka:

Ry Rainay izay any an-danitra ô,

Misaotra Anao noho ny fitiavanao sy ny fampahatsiahivana fa maniry ny honina aminay Ianao. Ampio izahay mba ho tempoly velona itoeran'ny Fanahinao, hitaratra ny fahasoavanao sy haneho ny fitiavanao amin'ireo manodidina anay.

Aoka izahay hanompo sy hitia ary hizara ny Vaovao Mahafaly momba Anao, hitondra ny fanatrehanao na aiza na aiza alehanay. Misaotra Anao namela anay sy niantso anay ho isan'ny iraka nampanaovinao.

Amin'ny anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

## **Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra:**

1. Inona avy ireo singa manan-danja sy maneran-tany ao amin'ny fiangonana arabaiboly, ary nahoana?

2. Ahoana no ahafahantsika  
mampifanaraka bebe kokoa ny  
fiangonantsika amin'izany antom-pisiana  
izany?

3. Heverinao ve fa mamolavola endrika "fiangonana" an'izao tontolo izao ny olon'izao tontolo izao?

## *Tiava ny Namanao Jiosy Tahaka ny Tenanao!*

Nanoratra: Reinaldo W. Siqueira, Ph.D

*Efesiana 2:24*

*“Fa Izy no fihavanantsika, Izay nahiray antsika roa tonta ka nandrava ny efity ny fisarahana.”*

Araka ny Baiboly, ny “fitiavana” no fitsipika fototra iorenan’ity tontolonoforonin’Andriamanitra ity. Milaza mazava tsara ny apostoly Jaona hoe:

*“Izay tsy tia dia tsy mba mahalala an’Andriamanitra; fa Andriamanitra dia fitiavana.”* (1 Jaona 4:8)

Hoy koa ny apostoly Paoly:

*“Na dia miteny amin’ny fitenin’ny olona sy ny anjely aza aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho. Ary na dia manana [ny fanomezam-pahasooan’ny] faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. Ary na dia omeko hohanin’ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahasoa ahy akory izany.”* (1 Corinthians 13:1-3)

Izao no namaranany ny teniny, *“Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin’ireo.”* (1 Korintiana 13:13)

Ny fitiavana an’Andriamanitra ambonin’ny zavatra rehetra, ary ny namantsika tahaka ny tenantsika no didy lehibe indrindra ao amin’ny Baiboly, izay iorenan’ny zavatra hafa rehetra (Matio 22:37-40).

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, nantsoin'Andriamanitra sy nodidiany isika mba ho tia ny olona rehetra manodidina antsika, tahaka ny nitiavan'Andriamanitra Ray azy ireo, ary tahaka ny nitiavan'i Jesosy azy ireo, ka hahatsiaro fa “... toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa banana fiainana mandrakizay.” ( Jaona 3:16 ). Miantefa amin'ny olona rehetra izany fitiavana izany: ny tsara sy ny ratsy, ny manan-karena sy ny mahanttra, ny nahita fianarana sy ny tsy nahita fianarana, ny mahafinaritra sy ny tsy mahafinaritra. Nandidy toy izao koa i Jesosy: “Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny fitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa.” (Jaona 13:34).

Lasa manan-danja indrindra io didy hoe tia ny hafa tahaka ny nitiavan'i Jesosy antsika io rehefa mandinika ny vahoaka jiosy sy ny zavatra niainany ara-tantara niaraka tamin'ny Kristianisma. Matetika, rehefa mieritreritra ny vahoaka jiosy ny Kristianina, dia manana eritreritra ratsy, izay mety hiseho amin'ny endrika maro toy ny antipatia, tsy firaharahana, rikoriko, ary mety ho fankahalana mihitsy aza, ka mitarika ho amin'ny herisetra sy famelezana. Izany no nitranga hatramin'ny Moaenazy, tamin'ny alalan'ny fandroahana sy famonoana ny Jiosy tany amin'ireo tanàna kristiana europeanina, ny tribonalin'ny Fitsarana katolika, ary hatramin'ny Fandripahana Tambabe (*Holocauste*) nandritra ny Ady Lehibe Faharoa, izay nisy Jiosy enina tapitrisa novonoin'ny fitondrana Nazia. Mampalahelo fa mirongatra eran-tany indray, tahaka ny tamin'izany fotoana izany ny fankahalana ny Jiosy, miaraka amin'ny fanafihana sy vonoan'olona miseho satria fotsiny hoe Jiosy ny olona iray.

Misy ireo sasany manamarina izany fankahalana izany amin'ny filazana hoe: "Namono an'i Jesosy izy ireo", nefà tsy fantany fa tsy nisy Jiosy amin'izao fotoana izao na dia iray monja aza nandray anjara tamin'ny fanomboana an'i Jesosy tamin'ny hazo fijaliana, izay zavantiranga roa arivo taona mahery lasa izay. Ambonin'izany, ireo izay mampiasa izany fanamarinana izany dia manadino fa efa namela ny helok'ireo nanao izany i Jesosy, ilay niharan'izany asa ratsy izany: "*Ary hoy Jesosy: Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony.*" (Lioka 23:34). Raha namela heloka i Jesosy, iza moa isika no hiampanga sy hamaly faty ny Jiosy ankehitriny, izay tsy nandray anjara tamin'ny famonoana an'i Jesosy akory?

Misy ireo manonona ilay filazana hoe: “*Aoka ny ràny ho aminay mbamin’ny zanakay!*” (Matio 27:25) mba hanamarinana ara-baiboly ny fankahalana ny Jiosy, amin’ny filazana fa nolavin’Andriamanitra ny vahoaka jiosy ary nampiharany ny fahatezerany. Tena nanao toy izany ve anefa Andriamanitra?

Niresaka momba izany ny apostoly Paoly tao amin’ny taratasiny ho an’ny Romana, izay nanamafy hoe:

“*Dia hoy izaho: Sao narian’Andriamanitra anie ny olony? Sanatria izany! fa izaho koa mba Israélita taranak’i Abrahama ihany, avy amin’ny firenen’i Benjamina. Andriamanitra tsy nanary ny olony izay efa fantany rahateo...*” (Romana 11:1-2).

“*Raha ny amin’ny filazantsara dia fahavalo izy [ny jiosy] noho ny aminareo; fa raha ny amin’ny fifidianana kosa dia malala izy noho ny amin’ny razana. Fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoan’Andriamanitra dia tsy misy hanenenany.*” (Romana 11:28-29)

Amin’ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito sy mpino ny Baiboly antsika, dia manaiky isika fa ny olombelona rehetra no meloka amin’ny fahafatesan’i Jesosy, satria maty teo amin’ny hazo fijaliana Izy noho ny fahotan’ny rehetra, ary anisan’izany ny antsika. Izy no nitondra ny helotsika mba ho voavela isika — izany hoe ianao, izaho, ary ny olon-kafa rehetra (Isaia 53).

Hoy i Ellen G. White, ao amin’ny bokiny *Vavolombelona Mahery* (Toko 35: “Ny famonjena ho an’ny Jiosy”):

“Kanefa na dia naniratsira ny Zanak’Andriamanitra azan y Zanak’Israely, dia tsy narian’Andriamanitra izy. Henoy ny tenin’i Paoly milaza ny amin’izany: ‘Dia hoy izaho: Sao narian’Andriamanitra anie ny olony? Sanatria izany! fa izaho koa mba Israélita taranak’i Abrahama ihany, avy amin’ny firenen’i Benjamina. Andriamanitra tsy nanary ny olony izay efa fantany rahateo...’” (VM, t. 329)

“Na dia nampiharina tamin’ny firenena Israélita aza ny didimpitsarana mahatsiravina tamin’ny fotoana nandavany an’i Jesosy avy any Nazareta, dia nisy kosa Jiosy nanana fo mendrika sy natahotra an’Andriamanitra, izay niaritra fijaliana tamim-panginana nandritra ny taona maro nifandimby. Nampahery ny fanahiny nampahoriana Andriamanitra, ary niondrika tamim-pangorohana teo amin’ny fijaliana

mafyl nihatra taminy. Reny ny fivavahana tamim-pitolokoana mafy nataon'ireo izay nikatsaka tamin'ny fony rehetra ny fahalalana ny Tenin'Andriamanitra....” (VM, t. 332)

Nanambara izy, raha njery ny ho avy hoe:

“Rehefa torina amin' izao andro farany izao ny filazantsara, dia hanetsika mpanompo maro handray anjara amin' ny fitoriana manokana ho an' ny Jiosy miely patrana eran' izao tontolo izao Andriamanitra. Ary satria miray feo ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao amin' ny fanambarana ny fikasan' Andriamanitra mandrakizay, dia maro ny Jiosy hahita izany ho toy ny fiposaky ny famoronana vaovao, dia ny fitsanganan'ny fanahy amin'ny maty indray...” (VM, t. 333)

“Rehefa hatolatra amin'ny Jiosy amin'ny fahafenoany io filazantsara io, dia maro no hanaiky an'i Kristy ho Mesia. Vitsy ny mpitandrina mahatsiaro ny tenany ho voantso hiasa ho an'ny firenena Jiosy ; kanefa tsy maintsy torina amin' ireo izay natao ankilabao ela loatra koa ny hafatry ny famindrampo sy ny fanantenana ao amin' i Kristy.” (VM, t. 333).

Mba hahatanteraka ny fitakiana' Andriamanitra amin'ny Fiagonany momba ny vahoaka jiosy amin'izao fotoana izao, dia atombohy amin'ny fisakaizana amin'izy ireo am-pitiavana sy am-pahatsorana izany, mba ho hitan'izy ireo ao aminao ny tena fitiavan' Andriamanitra sy Jesosy ho an'ny olombelona rehetra.

Ampahafantaro ho Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny tenanao fa tsy Kristianina fotsiny. Betsaka ny Jiosy manana fahatakarana voafetra momba ny Kristianisma, ary vao maika kely kokoa aza momba ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Mety hihevitra izy ireo fa Katolika, Protestanta, na Ortodoksa rehefa mandre izy ireo fa Kristianina ianao, nefy tsy azony mazava tsara ny atao hoe Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Io fiheveran-diso mahazatra io no afaka manokatra ny lalana mankany amin'ny resaka momba ny finoana sy ny fomba amam-panao iraisantsika amin'ny Jodaisma, toy ny fitandremana ny Sabata, ny fanarahana ny sakafy ara-baiboly, ary ny fanomezana lanja ny fampianaran'ny Baiboly hebreo, izay manampy amin'ny fiainana salama kokoa sy lava kokoa. Azonao atao ihany koa ny manasongadina fa misy ireo faritra Advantista be mponina sasany izay voamarika ho 'Faritra Manga'— faritra izay ela velona kokoa sy salama kokoa ny olona raha oharina amin'ny ankamaroan'ny mpiara-belona aminy maneran-tany, ary matetika mahatratra 100 taona sy mihoatra noho ny kalitaon'ny fiainana. Ny faritra iray toy izany,

Loma Linda, dia efa naseho tao anatin'ny fandaharana momba ny Faritra Manga tao amin'ny *Netflix*.

Farany, aoka ny teninao ho loharanon'aina sy fitahiana ho an'ny namanao na ny mpiara-monina aminao jiosy. Halaviro ny fiampangana na ny vazivazy masiaka mifototra amin'ny fitsarana an-tendrony sy ny fitsaratsaram-poana. Aoka ianao ho fantson'ny Tenin'ny Fiainana avy amin'Andriamanitra sy Jesosy, ary manampy azy ireo hahita fiadanana sy fitiavana avy amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra, ka hahatanteraka ny teny fikasana ny amin'ny fiainana feno amin'ny alalan'ilay Mesian'ny Isirael: "*Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be.*" (Jaona 10:10).

Noho izany, aoka isika tena "hitia ny namantsika jiosy tahaka ny tenantsika!"

#### Vavaka:

Ry Rainay izay any an-danitra,

Misaotra noho ny fitiavanao tsy misy fetra. Ampio izahay ho tia ny Jiosy namanay araka ny nandidianao, ka maneho fanajana sy hatsaram-panahy ary fahalalana. Enga anie izahay ho ambasadaoron'ny fitiavanao, hitondra fansitranana any amin'izay misy fisaratsarahana ary hitondra fahasoavana any amin'izay misy tsy fifankahazoana. Tariho izahay hitaratra ny fitiavan'i Kristy amin'izay rehetra ataonay, ka hampiroborobo ny fifandraisana miorina amin'ny fangorahana sy ny fiadanana.

Amin'ny anaran'i Jesosy,

Amena.

## **Discussion Questions:**

1. Inona no dikan'ny hoe Kristy "nandrava ny efity ny fisarahana" eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa, indrindra fa ireo izay samy hafa finoana na kolontsaina? Ahoana no ahafahantsika mampihatra io fitsipika io amin'ny fainantsika andavanandro?
  2. Raha jerena ireo fihaikàna ara-tantara sy ankehitriny eo amin'ny fifandraisian'ny Kristiana sy ny Jiosy, ahoana no ahafahantsika, amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, haneho amin'ny fomba mahomby ny fitiavan'i Kristy sy hanorina tetezan'ny fahatakarana sy ny fanajana?
  3. Amin'ny fomba ahoana no itarihan'ilay didy hoe "tiava ny namanao tahaka ny tenanao" antsika mba handinika indray ny toe-tsaintsika sy ny teny ary ny fihetsika ataontsika amin'ireo izay mety ho voahilikilika na natao ankilabao, ka anisan'izany ny fiaraha-monina jiosy?

# TORITENY 6

Fifantohana: Vahoaka Silamo

## **Ny Drafitr'Andriamanitra ho an'i Ismaela alohan'ny Andro Farany**

Nanoratra : Dr. Petras Bahadur

### **Isaia 60: 6-7**

*Ho feno ny rameva betsaka ao aminao, dia ny rameva tanora avy any Midiana sy Efaha, samy avy any Sheba izy rehetra; volamena sy ditin-kazo mani-pofona no ho entiny, ary ny fiderana an'i Jehovah no teny mahafaly hambarany. Ny ondry aman'osy rehetra any kedara dia hangonina ho ao aminao, ary ny ondrilahin'i Nebaiota hanompo anao; hiakatra amin'ny fankasitrahana ho eo ambonin'ny alitarako ireo, ary hataoko be voninahitra ny tranon'ny voninahitro.*

Androany aho te-hizara aminareo faminaniana mahafinaritra iray ao amin'ny Baiboly izay mety ho tsy hitan'ny Fiangonan'ny Faminaniana. Hita ao amin'ny toko faha-60 ao amin'ny bokin'i Isaia ity faminaniana ity izay miresaka momba ny irak'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao. Efa fantatsika ity toko ity izay manomboka amin'ity fanambarana ity: "Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavano, ary ny voninahit'i Jehovah efa miposaka aminao... Ary ny firenena manatona ny fahazavano..." Matetika isika no mijanona eo amin'ny andininify faha-5, kanefa miresaka momba ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny zanaky ny Atsinanana ny andininify roa manaraka. Izay no tiako hozaraina aminareo androany.

Isaia 60:6, 7

*"Ho feno ny rameva betsaka ao aminao, dia ny rameva tanora avy any Midiana sy Efaha, samy avy any Sheba izy rehetra; volamena sy ditin-kazo mani-pofona no ho entiny, ary ny fiderana an'i Jehovah no teny mahafaly hambarany. Ny ondry aman'osy rehetra any kedara dia hangonina ho ao aminao, ary ny ondrilahin'i Nebaiota hanompo anao; hiakatra amin'ny fankasitrahana ho eo ambonin'ny alitarako ireo, ary hataoko be*

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

*voninahitra ny tranon'ny voninahitro.”*

Mipetraka ny fanontaniana hoe: nahoana no tsy azontsika ny hevitr'ireo andininy roa ireo? Tena ilaina indrindra ireo anarana dimy ao amin'ireo andininy roa ireo mba hahatakarana ireo andininy roa ireo. Misy anarana telo ny andininy faha-6: Midiana sy Efaha ary Sheba. Misy anarana roa kosa ny andininy faha-7: Kedara sy Nebaiota. Ny fanontaniana dia hoe iza moa ireo olona dimy ireo?

Mila mameetraka fanontaniana roa hafa isika mba hamaliana ny fanontaniana hoe iza ireo olona ireo. Ny voalohany dia hoe: "Firy ny vady nananan'i Abrahama?" Efa ao an-tsainareo avy hatrany ny valin'izany. Roa! Iza no anaran'ireo vadiny ireo: Saraha sy Hagara, sa tsy izany?

Fanontaniana faharoa: "Firy ny zanak'i Abrahama?" Fantatro fa efa mieritreritra ny valiny sahady ianareo. Roa! Iza no anaran'izy ireo? Avy amin'i Saraha, Isaka. Avy amin'i Hagara, Ismaela. Mba hahatakarana tsara kokoa, dia andeha isika hiditra ao amin'ny Genesisy 25 mba hahitana ny valin'ireo fanontaniana ireo sy ireo anarana dimy ao amin'ny Isaia 60.

Iza moa i Midiana sy Efaha ary Sheba? Izao no lazain'ny Genesisy 25: "Dia niteraka an'i Zimrana sy Jokksana sy Medana sy Midiana sy Jisbaka ary Soaha tamin'i Abrahama izy."

Ireo zanakalahin'i Abrahama tamin'i Ketora no tiana holazaina amin'izany. Nanana vady telo i Abrahama ary nanan-janakalahy valo. Zanakalahin'i Abrahama i Midiana ary zanakalahiny iray hafa koa i Joksana.

Andeha hojerentsika hoe iza i Sheba ary iza i Efaha, izay resahin'ny Isai 60? Ao amin'ny Gen. 25:3-4 isika no mamaky izao manarakana izao.

*“Ary Joksana niteraka an'i Sheba sy Dedana.... Ary ny zanakalahin'i Midiana dia Efaha sy Efera sy Hanoka sy Abida ary Eldaha.”*

Midiana, Efaha, Sheba, voalaza ao amin'ny Isaia 60:6 ve no zanak'i Ketora? Oviana ianareo no farany nandre toriteny momba an'i Ketora vadim'i Abrahama fahatelo?

Ary ahoana ny amin'i Kedara sy Nebaiota ao amin'ny Isaia 60:7? Izao no voalaza ao, "Ny ondry aman'osy rehetra any kedara dia hangonina ho ao aminao, ary ny ondrilahin'i Nebaiota hanompo anao ..."

Andeha isika hijery ao amin'ny Genesisy 25:13: “*Izao no anaran'ny zanakalahin'Isimaela, araka ny anarany sy araka ny taranany: Nebaiota, lahimateao'Isimaela, sy Kedara ...*”

Zafikelin'i Abrahama avy tamin'i Isimaela i Nebaiota sy Kedara. Ireo no taranak'i Hagara. Oviana no fotoana farany nandrenesanao toriteny momba an'i Hagara tao amin'ny Fiagonanao?

Mahagaga anao ve ny zava-mitranga eto? Isaka no ilay zanak'i Abrahama nampanantenaina. Ireo anefa no taranak'i Abrahama tamin'ny alalan'i Hagara sy Ketora.

Ity misy fanontaniana hafa? Vadin'i Abrahama ve i Hagara?

“*Ary rehefa nonina folo taona teo amin'ny tany Kanana Abrama, dia nalain'i Saray, vadin'i Abrama, Hagara Egyptiana mpanompovaviny, ka nomeny an'i Abrama vadiny mba hovadiny.*” Lazain'ny Gen. 16:3 mazava tsara fa tsy nomena an'i Abrahama ho “vady” amin’ny heviny feno aradalana i Hagara, fa ho vaditsindrano mba hiteraka zazalahy, izay fihetsika nampiseho ny tsy finoan'i Saraha ny teny fampanantenan'Andriamanitra.

Nampanantena fitahiana manokana ho an'i Abrahama Andriamanitra izay hita ao amin'ny Gen. 12:3: “*Ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany.*”

Na dia zanak'i Abrahama nampanantenaina aza i Isaka izay hanatanteraka ny drafitr'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao sy ny fanekempihavanana mandrakizay, dia handray fitahiana avy amin'Andriamanitra ihany koa ireo zanakalahin'i Abrahama hafa. Nikasa ny hitahy ny fianakaviana rehetra ambonin'ny tany Andriamanitra, ary azo antoka fa hitahy ny taranak'i Abrahama koa Izzy.

Nalefan'i Abrahama ho any atsinanana ny zanak'i Hagara sy Ketora. Hitantsika izany ao amin'ny Genesisy 25:6 (Vakio). Izany no antony iantsoana azy ireo ao amin'ny Baiboly hoe Olon'ny Atsinanana. Fantatsika koa ny tantaran'ny nandroahan'i Saraha sy i Abrahama an'i Hagara sy i Isimaela zanany, kanefa 1.300 taona taty aorian, milaza amintsika ny Isaia 60 andininy faha-6 fa ho avy ny zanak'i Ketora (Midiana, Efaha, Sheba). Ary ny Isaia 60:7 dia milaza amintsika fa ho avy koa ny taranak'i Hagara (Kedara sy Nebaiota). Noho izany, tsy noroahina hiala teo anatrehan'Andriamanitra mihitsy izy ireo na dia noroahina avy tao amin'ny tranon'i Abrahama sy ny fanatrehan'i Abrahama aza. Maminany Andriamanitra fa indray andro any, hiverina any amin'ny tanin'ny Israely

sy ny tranon' Andriamanitra ny zanak'i Ketora sy Hagara.

Nizara ny drafitr' Andriamanitra koa i Jesosy ao amin'ny Matio:

24:14 “*Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany.*”

Ny fanirian' Andriamanitra lehibe indrindra dia ny hahatongavan' ilay hafatra, araka ny voalaza ao amin'ny Apokalypsy 14:6, any amin'ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra. Ao anatin'izany drafitr' izany koa ny taranak'i Abrahama, indrindra fa ireo izay tsy taranak'i Isaka.

Ao amin'ny Testamenta Taloha, taorian'ny nahafatesan'i Abrahama, dia tsikaritra fa ny taranak'i Saraha no nantsoina hoe Zanak'Isiraely, ary ny zanak'i Hagara sy Ketora, satria nirahina ho any Atsinanana, no nantsoina hoe “Olon'ny Atsinanana” na “Zanaky ny Atsinanana”. Nanana drafitra momba ny famonjena an'izao tontolo izao hotanterahina amin'ny alalan'i Isaka sy ny taranany Andriamanitra, kanefa nanana drafitra ho an'ny “Olon'ny Atsinanana” ihany koa Izy.

Haintsika tsara fa fantatra tamin'ny foko roa ambin'ny folo ny taranak'i Isaka. Firy ny foko avy amin'i Ismaela? Izao no vakintsika ao amin'ny Genesisy 25:13-16: “*Izao no anaran'ny zanakalahin'Isimaela, araka ny anarany sy araka ny taranany: Nebaiota, lahimatean'Isimaela, sy Kedara sy Adbela sy Mibsama sy Misma sy Doma sy Masa sy Hadada sy Tema sy Jetora sy Nafisy ary Kedema. Izy ireo no zanakalahin'Isimaela, ary ireo no anarany...*”

Mety milaza ianareo fa tsara izany, fa ahoana no nahatonga ny zanak'i Ismaela (na fantatra kokoa amin'ny fiantsoana hoe Zanaky ny Atsinanana) mba hiara-miasa amin'ny zanak'Isaka ao amin'ny drafitra lehiben'Andriamanitra?

Tao amin'ny taranak'i Isaka, nanan-janakalahy atao hoe Josefa i Jakoba, izay tsy tian'ireo rahalahiny mihitsy ka nokasainy hovonoina. Izao no vakintsika ao amin'ny Genesisy 37:24-28: “*Dia nobetainy izy ka natsipiny tao an-davaka; ary maina ny lavaka tamin'izay, fa tsy nisy rano tao. Ary nipetraka nihinan-kanina izy ireo, ary sendra nanopy ny masonry ka nahatazana fa, indreo, nisy Isimaelita niara-dia, avy tany Gileada, ary ny ramevany nitondra ditin-kazo, dia nekota sy balsama ary lota, izay nentiny hidina any Egypta. Ary hoy Joda tamin'ny rahalahiny: Inona no soa ho azontsika, raha hamono ny rahalahintsika sy hanafina ny rany isika?*

*Andeha hamidintsika amin'ireo Isimaelita ireo izy, ary aoka tsy haninona azy ny tanantsika; fa rahalahintsika sy nofantsika ihany izy. Dia nanaiky ny rahalahiny. Ary raha nandalo teo ny Midianita mpandranto, dia nakarin'ny rahalahiny niala tao an-davaka Josefa ka namidiny sekely volafotsy roa-polo tamin'ny Isimaelita; ary dia nitondra an'i Josefa ho any Egypta ireo.”*

Ny Isimaelita sy ny Midianita no namonjy ny ain'i Josefa tamin'ny alalan'ny fiaraha-miasa tamin'ny drafitr' Andriamanitra mba hiarovana ny ain'ny Isiraelita ho amin'ny hoavy.

Tat� ariana, nisy taranak'i Isaka hafa iray antsoina hoe Mosesy, tsy maintsy nandositra an'i Farao tany Egypta. Efa namono Egyptiana iray i Mosesy, izay ren'i Farao, ka te hamono an'i Mosesy izy. Izao no vakintsika ao amin'ny Eksodosy 2:15: “*Ary rehefa ren'i Farao izany zavatra izany, dia nitady hamono an'i Mosesy izy. Fa Mosesy nandositra ny tavan'i Farao ka nonina tany amin'ny tany Midiana; ny nipetraka teo anilan'ny lavaka fantsakana izy.*”

Nandositra nankany Midiana i Mosesy. Zanakalahin'i Abrahama i Midiana, ary namonjy ny ain'i Mosesy ny taranany. Niara-niasa tamin'ilay drafitra lehiben' Andriamanitra izy ireo mba hitandrovana ny ainan'ny iray amin'ireo mpitarika lehibe indrindra ho avy ho an'ny zanak'Israely ary hahatonga ny fisakaina-monina lehibe sy manaitra indrindra izay nitranga teto ambonin'ny tany.

Nitoetra tao an-tranon' i Jetro mpisoron'ny Midiana i Mosesy, izay lasa rafozany ihany koa avy eo. Nianatra momba ny tantaran'ny fisakaizan' Andriamanitra tamin' i Joba koa i Mosesy. Hoy ny Joba 1:1 sy 3:

*1:1 Nisy lehilahy tany amin'ny tany Oza Joba no anarany; ary marina sy mahitsy izany lehilahy izany sady natahotra an' Andriamanitra ka nifady ny ratsy.*

*1:3 Ary ny fananany dia ondry aman'osy fito arivo sy rameva telo arivo sy omby arivo sy borikivavy diman-jato ary mpanompo maro be; ka dia nanan-karena be mihoatra noho ny zanaky ny atsinanana rehetra izany lehilahy izany.*

Avy amin'ny “Olon’ny Atsinanana” i Joba.

Tat� ariana Jetro, avy amin'ny “Olon’ny Atsinanana”, no nampianatra ny lesona lehibe momba ny Fitantanana ao amin'ny Eksodosy 18:19 sy 21.

*18:19 “Ary ankehitriny, dia maneke ny teniko, fa hanoro hevitra anao aho, ka Andriamanitra anie homba anao...”*

*18:21 “Ary mizaha eo amin’ny olona rehetra izay lehilahy mahay sy matahotra an’Andriamanitra, dia lehilahy marina izay tsy tia kolikoly; ka manendre mpifehy arivo sy mpifehy zato sy mpifehy dimam-polo ary mpifehy folo hisehy azy.”*

Izany no tantara hitantsika ao amin’ny Testamenta Taloha momba ny Zanak’Isiraely amin’ny lafiny iray. Taranak’i Isaka izy ireo. Hitantsika koa ireo tantara ao amin’ny Testamenta Taloha momba ny “Zanaky ny Tatsinanana”. Taranak’i Ismaela ny Midiana izy ireo.

Rehefa tonga ao amin’ny Testamenta Vaovao isika dia izao kosa no vakintsika ao amin’ny Matio 2:1-2: “*Ary rehefa teraka Jesosy tao Betlehema an’i Jodia, tamin’ny andron’i Heroda mpanjaka, indreo, nisy Magy avy tany atsinanana tonga tany Jerosalema ka nanao hoe: Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan’ny Jiosy? fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany.”*

Iza no tonga tamin’ny nahaterahan’i Jesosy? Ny Zanaky ny Atsinanana. Tonga ve ny Zanak’Israely? Tsia. Tsy maintsy niteny tamin’ny MPIANDRY ny anjely mba handeha. Ny Zanak’Israely no nanana faminaniana an-jatony momba ny fiavian’ny Mesia ao amin’ny Testamenta Taloha nefo tsy tonga tamin’ny nahaterahan’i Jesosy izy ireo, fa ny Zanaky ny Atsinanana kosa no tonga.

Izany dia ho fahatanterahan’ny faminaniana iray ao amin’i Isaia 60:6: “*Ho feno ny rameva betsaka ao aminao, dia ny rameva tanora avy any Midiana sy Efaha, samy avy any Sheba izy rehetra; volamena sy ditin-kazo mani-pofona no ho entiny, ary ny fiderana an’i Jehovah no teny mahafaly hambarany.”*

Tanteraka tamin’ny fiavian’i Jesosy voalohany io faminaniana io. Tonga avy any Midiana sy Efaha ary Sheba ny rameva maro be avy any atsinanana. Nitondra volamena niaraka taminy izy ireo. Nitondra ditinkazo manitra izy ireo. Ary nanambara ny fiderana an’i Jehovah izy ireo. Tanteraka tamin’ny fiavian’i Jesosy voalohany ny teny rehetra amin’io faminaniana io.

Mbola tsy tanteraka anefa ny ampa hafa amin’ilay faminaniana.

Isaia 60:7 “*Ny ondry aman’osy rehetra any kedara dia hangonina ho ao aminao, ary ny ondrilahin’i Nebaiota hanompo anao; hiakatra amin’ny fankasitrahana ho eo ambonin’ny alitarako ireo, ary hataoko be*

*voninahitra ny tranon'ny voninahitro.”*

Iza moa i Kedara sy Nebaiota? Ireo no zanakalahin'i Ismaela? Milaza mazava tsara ilay andalana fa ho avy ny Zanak'i Ismaela miaraka amin'ny fanatiny eo amin'ny alitaran'Andriamanitra. Hitondra ny fanomezany ao an-tranon'Andriamanitra izy ireo. Tsy mbola tanteraka io faminaniana io. Rahoviana no ho tanteraka izany? Ho tanteraka alohan'ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany izany. Manana anjara andraikitra amin'izany isika.

Aiza ny tranon'Andriamanitra? Ao Jerosalema ve? Sa ny fiangonan'Andriamanitra mitandrina ny Sabata. Manana andraikitra isika mba hidiran'izy ireo ao.

Faly Andriamanitra mahita ny olona rehetra voavonjy ao amin'ny Fanjakany. Vonona ve isika hampiditra azy ireo? Hataotsika ho zava-misy ve izany fahitana sy nofinofin'Andriamanitra izany? Hitantsika fa vonona ny hiara-miasa amin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao ny Zanaky ny Atsinanana. Moa ve izaho sy ianao vonona ny hiara-miasa amin'Andriamanitra amin'ny fanatrarana ireo olona tian'Andriamanitra ireo?

Aoka isika handroso miaraka amin'ny zotom-po avy amin'Andriamanitra hahatanteraka izany nofinofy izany. Jaona 3:16 “*Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao...*” Nitia izao tontolo izao Izy, tsy ny Jiosy ihany, na ny Kristiana ihany mba hovonjena ... fa izay rehetra mandre ny filazantsara sy mino an'i Jesosy ho Mpamony.

Ry sakaiza, manome antsika ny fahitana ny voninahitry ny tempolin'Andriamanitra ireo andininy ao amin'ny Isaia amin'ny fotoana fara-tampony maneran-tany amin'ny fiafaran'izao tontolo izao sy mialohan'ny fiavian'ny Tompontsika mihitsy. Mazava ho azy fa midika hoe Fiangonan'Andriamanitra ny tempolin'Andriamanitra. Manana fahitana Andriamanitra momba ny fanompoam-pivavahana farany mialohan'ny fiavian'i Jesosy.

Iza ary ireo Zanak'i Ismaela amin'izao ankehitriny izao?

Isaia 60:7, “*Ny ondry aman'osy rehetra any kedara dia hangonina ho ao aminao, ary ny ondrilahin'i Nebaiota hanompo anao; hiakatra amin'ny fankasitrahaha ho eo ambonin'ny alitarako ireo, ary hataoko be voninahitra ny tranon'ny voninahitro.*”

Mazava fa hanome voninahitra ny Fiangonany Andriamanitra rehefa tonga ao an-tranon'Andriamanitra ny Zanak'i Ismaela. Rehefa manomboka manao io asa fanompoana io amin'ny taranak'i Ismaela ny

Fiangonana, dia ho faly Andriamanitra, ary hitahy ny fiangonany Izy ary ho vita ny asany.

Handray anjara lehibe amin'io asa fanompoana amin'ny vahoakan'i Ismaela io ve ianao?

Vavaka:

Ry Andriamanitra be fitiavana ô,

Misaotra Anao izahay fa Andriamanitra be fitiavana. Feno fankasitrahana izahay satria tia ny olona avy any Atsinanana sy Andrefana Ianao. Feno fankasitrahana izahay satria tia izao tontolo izao Ianao. Hitanay mazava tsara ao amin'io faminaniana ao amin'ny Isaia 60:7 io fa ho avy ny Zanak'Isimaela. Koa satria mbola tsy tonga maro izy ireo dia mino izahay fa ho tanteraka amin'ny ho avy io andininy io, saingy mialohan'ny fiavian'i Jesosy Fanindroany. Hitanay fa efa tonga amin'ny fotoana fara tampony izao tontolo izao, ary tsy lavitra amin'ny fahatanterahan'izany izahay. Ampio izahay ho vonona ny hampiditra azy ireo ao an-tranonao, ary aoka Ianao hitahy ny tranonao ary aoka ho tanteraka anie ny asanao.

Amin'ny Anaranaao no ivavahanay,

Amena.

## **Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra:**

1. Ahoana no hanasongadinan'ny faminaniana ao amin'ny Isaia 60:6-7 ny drafity ny famonjen'Andriamanitra ho an'ny olona rehetra, anisan'izany ny taranak'i Ismaela? Saintsaino ny maha-zava-dehibe ny "Zanaky ny Atsinanana" amin'ny irak'Andriamanitra maneran-tany sy ny fiantraikan'izany amin'ny ezaka asa fitoriana ataontsika amin'izao fotoana izao.

2. Inona no lesona azontsika ianarana avy amin'ny fiaraha-miasan'ny Ismaelita sy ny Midianita tamin'ny fiarovana ny drafitr' Andriamanitra, araka ny hita ao amin'ny tantaran'i Josefa sy i Mosesy? Ahoana no ahafahan'ireo ohatra ireo manentana ny firaisan-kina amin'izao androntsika izao eo amin'ireo vondrona samihafa amin'ny fanatanterahana ny iraka nomen' Andriamanitra?

3. Inona no fomba azo ampiharina ahafahan'ny fiangonana amin'izao ankehitriny izao manatratra ny taranak'i Ismaela (na ny vahoaka Silamo) mba hanatanterahana io faminaniana io? Inona avy ireo sakana tsy maintsy resena, ary inona no anjara asan'ny fahatakarana sy ny fanajana amin'ity iraka ity?

# TORITENY 7

Fifantohana: Fahafaha-manjifa (Consumérisme)

## Fiaraha-monina Voaova

Nanoratra: Dr. Brendan Pratt

### Romana 12: 1-2

*“Koa amin’izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon’Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak’Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary azo manaraka ny fanaon’izao tontolo izao; fa miovà amin’ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon’Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.”*

### Fampidirana

Inona no katsahinao? Manao ahoana izany hoe fiainana ‘mahomby’ izany aminoao?

Ao amin’ny kolontsainan’ny fahafaha-manjifa an’izao tontolo izao (consumérisme), dia ny fahasambarana no tanjona. Izany hoe azo vidiana ny fiainana misy dikany kokoa. Ho sambatra kokoa ianao raha manana ny modely vaovao farany. Fitadiavana tsy misy farany mba hahazoana bebe kokoa ny fahafaha-manjifa. “Ho sambatra aho rehefa...”

Hijery isika ao amin’ity vakiteny ity ny sasany amin’ireo fihaikàna amin’ny kolontsainan’ny fahafaha-manjifa an’izao tontolo izao. Fa mihoatra an’izany, ho hitantsika hoe nahoana no ny fiaraha-monina ara-Baiboly mifanohitra amin’ny kolontsaina no valin’ny fiainana mifantoka amin’ny tena sy ny endrika ivelany izay ezahin’ny kolontsainan’ny mpanjifa varotina amintsika.

### Ny Kolontsaina Iainantsika

Nanoratra i Paoly ao amin’ny Romana fa tsy tokony ‘hanaraka ny fanaon’izao tontolo izao’ isika. Voavolavola manodidina ny fahafaha-manjifa izany fanao ao amin’ny kolontsainan’izao tontolo izao izany.

Raha afaka miditra amin’ny Aterinetra ianao, na manana finday avo lenta, na manana fahitalavitra, dia hahita dokam-barotra maherin’ny 3.000 isan’andro ianao izay milaza fa mila bebe kokoa mihoatra noho izay efa anananao ianao, na koa mila zavatra hafa indray.

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

---

Milaza amintsika ny kolontsainan'ny fahafaha-manjifa an'izao tontolo izao hoe izao ny zavatra tokony iriantsika sy tiantsika ary antenaintsika.

Tsy mahakasika ny habetsahan'ny zavatra ananantsika loatra ny fahafaha-manjifa fa mahakasika ny hoe aiza ny toerana ametrahantsika ny fanantenana sy ny fanirantsika.Ny fahafaha-manjifa no mamolavola ny fahatsapantsika ny maha-isika antsika sy ny toetrantsika.

## **Mamotika ny Fiaraha-monina ny Fahafaha-manjifa**

Raha misy kolontsaina manana isa ambony amin'ny fandrefesana ny mpanjifa, dia manana isa ambony ihany koa izy amin'ny fahatsapana ho maniry sy ny fahasimban'ny tena. Mitaky fotoana ny fifandraisana amin'Andriamanitra, ny fianakaviana, ny mpifanolobodirindrina, ary ny namana, kanefa ao amin'ny kolontsain'ny mpanjifa, ny fotoana midika ho vola, ka ny fifandraisana no lasa atao sorona hahazoana ny heverina ho 'fahasambarana'.

Mifotra amin'ny fiankohofana amin'ny tena ny kolontsainan'ny mpanjifa an'izao tontolo izao ; miompana amin'ny fanomezana fahafaham-po izay ‘filàna’ ananan’ny tena, ary manao anklabao ny ‘namana’ izay voafaritra ao amin’ny soratra masina sy eo amin’ny fiaraha-monina. Indraindray ary isika mety manomboka mandray an’Andriamanitra sy ny fiangonana ho toy ny vokatra jifaina mihitsy. Lasa fandaharana atrehako fotsiny ny fiangonana fa tsy fiaraha-monina tokony hidirana. Ny fandrefesana fototra dia lasa hoe “Tiako sa tsy tiako?” Lasa boky misy soso-kevitra azo raisina na tsia ny Baiboly fa tsy tantara lehibe momba ny fitiavan’ Andriamanitra ny olombelona. Ary Andriamanitra lasa milina goavana mpivarotra fanambinana manome izay iriantsika fotsiny.

Ao amin'ny kolontsain'ny mpanjifa an'izao tontolo izao, dia alain'ny fahafaha-manjifa eo amin' Andriamanitra ny fiankohofana ary apetrany eo amin'ny vokatra sy ny olo-malaza ary ny tenantsika. Lasa iray amin' ireo safidin'ny mpanjifa, na safidy fomba fiaina hafa fotsiny ny Kristianisma ao amin'ny fahafaha-manjifa.

Ao amin'ny Romana 12, i Paoly dia tsy nanoratra momba ny fahafaha-manjifa an'izao tontolo izao, fa niresaka momba ny hery ananan'ny soatoavina manan-danja tao amin'ny empira hamolavola ny maha-izy antsika. Fomba fiseho maoderina ny amin'ny fitiavan-tena izay efa olana hatramin'izay ny fahafaha-manjifa. Antsoina isika, amin'ny maha-Kristianina antsika, mba hiaina amin'ny fanantenana sy faniriana samihafa ary hahatsiaro fa noforonina ho amin'ny antom-pisiana lehibe kokoa.

Antsoina ho ‘fanatitra velona’ isika izay mifantoka amin’ny fiankohofana, fanompoana, fizarana, fifandraisana ary fitomboana amin’ny maha-mpianatra antsika mihoatra noho ny fifantohana amin’ny tenantsika.

Niresaka matetika momba ny fihaikàna amin’ny resaka fahafaha-manjifa i Jesosy. Marina fa tsy mbola nisy tamin’izany avokoa ny dokam-barotra, ny marika, ny kosmetika ary ny gazetiboky lamaody, saingy nohazavainy ao amin’ny Lioka 12 ny fomba ahafahan’ny zavatra iray mihazona ny fontsika sy lasa tompontsika. Niresaka momba ny fomba ahafahantsika manome mora foana ny fontsika amin’ny tsipika diso izy, sy mamaritra ny tenantsika amin’ny ‘harenantsika’ ary miafara amin’ny fanompoana vola.

### **Miova ampitahana amin’ny Manaraka ny Fanao**

Mampahatsiahysy antsika i Paoly ao amin’ny Romana 12 fa tsy tokony ‘hanaraka ny fanao’ isika fa ‘hiova’ amin’ny fanavaozana ny saina. Manao ahoana izany hoe miova izay raha ampitahana amin’ny manaraka ny fanao fotsiny? Ny hoe manaraka ny fanao dia ny fomba iray hafa iainana ao amin’ny fiaraha-monina.

Ny ankamaroan’ny valinteny mikatsaka ny hamaha ny olan’ny fahafaha-manjifa dia ahitana ny fifantohana amin’ny fanabeazana, fampihenana ny fanjifana, fikarakarana ny tontolo iainana ary fanaovana fanompoana. Tena tsara avokoa ireo valinteny ireo, kanefa mila mihoatra noho ny fanabeazana sy fisafidianana vokatra fotsiny ny fiatrehana ny ivon’ny olana amin’ny fahafaha-manjifa. Ny valinteny manan-danja kokoa dia ny fanolorana ny tena ho ‘fanatitra velona’.

Ny teny nadika hoe miova ao amin’ny Romana 12:2 dia faritana hoe miova natiora, miova endrika, miova tanteraka. Toy ny mijery fanday miova ho lolo. Tsy mitovy amin’ilay fanday taloha intsony io lolo tsara tarehy io. Nandalo fiovana feno sy mahagaga izy. Amin’ny alalan’ny fifantohana amin’i Jesosy no hisian’io fiovana io. Mitaky fankatoavana tanteraka an’Andriamanitra izany. Avy eo mampihatra ireo fampianarana ireo amin’ny fiarahanonina manohitra ny fahafaha-manjifa izay manome fanantenana, faniriana, fahalalahana ary maha-izy azy tsara kokoa.

### **Ny Sabata sy ny Fiaraha-monina Voaova**

Misy hafatry ny Fanantenana sy ny fiovana azontsika entina any

amin'ireo vondrom-piarahamonna ireo ve? Efa manantena vahaolana amin'ny kolontsain'ny fahafaha-manjifa ve isika? Ny olona ao amin'ny kolontsaina izay "mandeha" foana dia mety handray soa avy amin'ny fandehanana moramora. Mety ho andro iray manontolo isan-kerinandro hifandraisana amin' Andriamanitra sy ny tsirairay ohatra. Sa andro iray manontolo isan-kerinandro mba hialana sasatra amin'ny fantsenana sy ny asa mahazatra?

Azo tanterehina mivantana ao amin'ny Sabata ny fankalazana an'ilay Andriamanitra mahay mifandray, sy ny fanoherana ny fahafaha-manjifa. Ny Sabata no mijoro ho marika manohitra ny fahafaha-manjifa. Ny Sabata no fampahatsiahivana fa tsy midika ho vola ny fotoana. Fa kosa, azontsika atao ny manitsy ny tarigetra hitodika any amin'ireo tanjona lehibe dia ny fitomboana, fanompoana, fifandraisana, fizarana ary fankohofana. Mandritry ny Sabata isika no miala sasatra amin'ireo hafatry ny fahafaha-manjifa hita ao amin'ny dokam-barotra sy ny fantsenana, fa kosa, mankalaza ny fiaraha-monina ara-pifandraisana.

Alaivo sary an-tsaina ny fahanginana mahafinaritra entin'izany ho an'ny olona iray izay tsy mitsahatra manao zavatra foana. Ny Sabata dia manohitra ny kolontsain'ny fahafaha-manjifa eo noho eo, ary manohitra ny kolontsain'ny famokarana tsy misy farany. Miompana tanteraka amin'izay momba ny fiaraha-monina ara-pifandraisana ny Sabata. Mandritry ny Sabata isika no miala amin'izao tontolo izao mba hitosika amin'ny zavatra lalindalina kokoa.

### **Ny Fifandraisana Isan-taranaka, ny Fahafatesana sy ny Fiara-monina**

Singa iray hafa mampihena ny fahafaha-manjifa ihany koa ny fitomboan'ny fifandraisana eo amin'ny taranaka samihafa. Rehefa mahita sy mifandray amin'ny zokiolona ny ankizy dia lasa tsy mirona loatra amin'ny fisainan'ny mpanjifa.

Manohitra ny fahafaha-manjifa ihany koa ny fahafatesana. Ny fahafatesana dia fampahatsiahivana izay nanoloranao ny ainao. Manazava ny fiaianana ny fahafatesana... ary manala ny fanintonana ivelany asehon'ny fahafaha-manjifa. Amin'ny maha Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ny fitsanganana amin'ny maty dia momba ny fiaraha-monina mandrakizay. Tsy mankany an-danitra tsirairay isika - fa anisan'ny fiaraha-monina lehibe amin'ny fitsanganana amin'ny maty.

Aiza àry no ahitanao fiaraha-monina mankalaza ny Sabata, izay iarahan'ny tanora sy ny antitra?

Ahoana raha misy vondron'olona manana ny akora hananganana vondrom-piarahamonina manohitra ny kolontsaina, vondrom-piarahamonina izay manampy ny tsirairay hitombo sy hihatra ny fahafaha-manjifa?

### Daniela tao Babylona

Ny tantaran'i Daniela ao amin'ny Baiboly dia manasongadina ny fomba ahafahantsika miaina, ary mivoatra mihitsy aza, any Babylona - empira izay maneho ny fivavahan-diso. Ninia tao am-pony i Daniela fa anisan'ny fanjakana lehibe kokoa izy. Niara-nivavaka sy nitady fanohanana tamin'ireo namany manana soatoavina mitovy aminy izy. Namerimberina nampifanitsy ny tarigetrany tamin'ny fikasan'Andriamanitra momba azy matetika izy (farafaharatsiny in-telo isan'andro). Tsaroany avy amin'Andriamanitra avokoa ny zava-drehetra, anisan'izany ny fahiratan-tsainy sy ny fahaizany manome ny dika'nynofy, ary Andriamanitra irery ihany no mendrika ny voninahitra faratampony.

Rehefa manomboka mahafantatra isika fa ny voninahitr'Andriamanitra no antom-pisantsika dia mahita ny fiaianana sy izao tontolo izao amin'ny fomba hafa isika.

Ny Fiaraha-monina Voaova no Valiny

Ny fiaraha-monina ara-panahy dia mifanohitra amin'ny fahafaha-manjifa satria mifantoka amin'ny tenan'ny tsirairay ny fahafaha-manjifa. Miezaka mamorona vondrom-piarahamonina ireo karazana marika maro, kanefa tsy mora avadika ho vokatra fotsiny ny tena fifandraisana feno fitiavana.

Mifanohitra tanteraka amin'ny fahafaha-manjifa ny fiaraha-monina ara-pifandraisana tena marina.

Ao amin'ny Romana 12, i Paoly dia mamaritra ny fiaianana ho toy izao:

Fiankohofana [andininy 1-3], Fanompoana [andininy 3-8], Fifandraisana [andininy 9-10], Fitomboana [andininy 11-12], ary Fizarana [andininy 14-21].

Ny fiankohofana, fanompoana, fifandraisana, fitomboana ary fizarana no antom-pisian'ny fiangonana eto amin'ity planetia ity. Ireo anton-javatra rehetra ireo no manampy amin'ny famolavolana vondrom-piarahamonina mifanohitra amin'ny kolontsaina ary manohitra ny fanandravana ny mpanjifa amin'ny kolontsaina.

Afaka ny ho tonga zava-misy io vina io eo anivon'ny fiangonana, mifanohitra amin'ny fahafaha-manjifa. "Ny fiaraha-monina ara-pifandraisana no valiny."

## Torohevitra hananana fiainana ivelan'ny kolontsaina mpanjifa:

- Eritrereto izay lazain'ny dokam-barotra aminao sy ny antony mety hisafidiananao vokatra iray manokana.
- Ampitomboy ny fifantohanao amin'ny olona. Manaova fanahy iniana mandeha miadana kokoa mba handaniana fotoana miaraka amin'ny fianakaviana, ny fiaraha-moninn'ny fiangonana sy ny mpiara-belona.
- Ampitomboy ny fahafahanao manompo ao amin'ny tokantranonao sy ny fiangonanao ary izao tontolo izao.
- Aoka ianao ho malala-tanana amin'ny fotoananao sy ny talentanao ary ny harenanao. Manapaka ny fatoran'ny fahafaha-manjifa ny fahalalahantanana. Fomba tsara hiadiana amin'ny fitiavam-bola ateraky ny fahafaha-manjifa ny famerenana ny fahafolokarena izay 10% amin'ny fidiram-bolanao, ary mampatsiahy anao ihany koa fa ho voninahitr'Andriamanitra ny antom-pisian'ny kaontinao any amin'ny banky.
- Mankalazà ny Sabata. Ny Sabata no mijoro ho marika manohitra ny fahafaha-manjifa. Mampahatsiahy ahy ny Sabata fa ny fotoana tsy midika ho vola. Mampahatsiahy ahy ny Sabata fa manana antom-pisiana lehibe kokoa aho amin'ny fitomboana, fanompoana, fifandraisana, fizarana ary fiankohofana. Rehefa Sabata aho miala sasatra amin'ireo hafatry ny fahafaha-manjifa hita ao amin'ny dokam-barotra sy ny fiantsenana, fa kosa, mankalaza ny fiainana amin'ny tsara indrindra.
- Mandania fotoana miaraka amin'ireo zokiolona izay mahalala ny tantara nefatetika atao ankilabao.
- Mandania fotoana eny anivon'ny zavaboary. Matetika tsy dia mirona loatra amin'ny fahafaha-manjifa ny olona mandany fotoana eny anivon'ny zavaboary, ary mety hanome lanja bebe kokoa ny famoronana aza.
- Makà fotoana kely hiverenanao mitodika any amin'izay tena zava-dehibe. Manaova drafitra mba hiova amin'ny fanavaozana ny saina fa tsy hanaraka ny fanaon'ny hafa (Romana 12:2). Mametraha fahazarana manorina fo izay mampifandray anao amin'Andriamanitra.

## Famaranana

Efa lasa miorim-paka lalina ao anatin'ny kolontsaintsika ny fahafaha-manjifa, ka lasa anisan'ny rivotra iainantsika mihitsty. Tsy mora ary tsy hita miharihary ny dia miala amin'ny vondrom-piarahamonin'ny fahafaha-manjifa mankany amin'ny vondrom-piarahamonina manao mpianatra, kanefa zava-dehibe tokoa izany.

Nantsoina isika, amin'ny maha-Kristianina antsika, mba hanolotra ny fiainantsika ho an'ny tantara hafa. Mila miova isika fa tsy manaraka ny fanaon'ny hafa (Romana 12:1-3). Hanjifa isika fa miaraka amin'ny fomba fijery samihafa. Hahita ny fanantenantsika sy ny faniriantsika ary ny maha-izy antsika ao amin'i Jesosy isika, ary mahatsikaiky fa hahita ny fiainantsika isika amin'ny alalan'ny fanolorana izany - miala amin'ny fandaharam-potoanantsika mankany amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Hanome tombambidy ny olona isika ary haka fotoana hitomboana, hanompoana, hizarana ary hiankohofana amin'ny fomba manohitra izay mety ho fanodinkodinan'izao tontolo izao. Hiaina ho voninahitr'Andriamanitra isika ao amin'ity izao tontolo izao ity izay mifantoka amin'ny tena. Aoka hotsaroantsika fa avy amin'ny fanarahana an'i Kristy sy ny fanoherana izao tontolo izao no hisian'ny fiovana. Izany no fiandohan'ny fiainana misy dikany izay manan-danja ho an'ny ankehitriny sy ny mandrakizay.

Arak'izany, ny mpitarika amin'ny asa fanompoana dia tokony ho mpamolavola vondrom-piarahamonina mifanohitra amin'ny kolontsaina izay mifandray amin'ny mpanjifa ary mampitombo azy ireo hatrany mba hahitany ny maha-izy azy sy hahitany fanantenana sy faniriana ao anatin'ny harena ara-pifandraisana avy amin'Andriamanitra.

Inona no katsahinao? Hanaraka ny fanaon'ny hafa sa Hiova?

### Vavaka:

Ry Rainay izay any an-danitra,

Tonga eto anatrehanao izahay, mikatsaka ny hampitodika ny fonay sy ny sainay amin'ny sitraponao. Ampio izahay hametraka ny fanantenana sy fanirianay, tsy amin'ny fampanantenana mihelina ao amin'ny fahafahamajifa, fa amin'ny antom-pisiana mandrakizay izay anananao ho an'ny fiainanay. Ampaherezo izahay amin'ny fizarana ny hafatrao eo amin'ny tontolo izay voavolavolan'ny soatoavin'izao tontolo izao sy ny fitiavankarena. Raha sendra tafalatsaka ao anatin'ny fanaon'izao tontolo izao izahay, dia aoka izahay hiantehitra Amino mba hahazoana fitarihana sy hiantehitra amin'ny fiarahamonin'ny mpino hahazoana fanohanana. Ampanakaikezo kokoa Anao izahay ary tariho ho amin'ny fiainam-piovàna izay mitaratra ny fitiavanao sy ny fahasoavanao.

Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

### **Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra:**

1. Inona avy ireo dingana azo ampiharina azonao raisina mba hanoherana ny fahafaha-manjifa sy hifantohana amin'ny soatoavina mandrakizay?

2. Ahoana no ahafahan'ny fitandremana ny Sabata manampy anao hiala amin'ny kolontsainan'ny mpanjifa ary hifandray indray amin'Andriamanitra sy ny hafa?

3. Ahoana no ahafahan'ny fanaovana “fanatitra velona” ny tena mamolavola ny anjara asanao amin’ny fananganana fiarahamonina manohitra kolontsaina, fa mifotra amin'i Kristy?

# TORITENY 8

## *Fifantohana: Ny Tanàn-dehibe*

# *Tantarán'na Tanàn-dehibe*

## **Nanoratra: Bledi Leno**

## *Apokalypy 21:2-3*

*“Ary nahita aho fa, indro, ny tanàna masina, dia Jerosalema vaovao, nidina avy any an-danitra tamin’Andriamanitra, voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihona amin’ny vadiny. Ary nahare feo mahery avy teo amin’ny sezafianiana aho nanao hoe: Indro, ny tabernakelin’Andriamanitra dia eo amin’ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny.”*


Mahagaga antsika rehetra izany: kay boky an-tanàn-dehibe tokoa ny Baiboly! Toa sarotra amintsika ny manaiky fa tontolo an-tanàn-dehibe ny tontolon'i Mosesy, Davida, Daniela, ary Jesosy. Saingy izany tokoa no zava-misy — mety ny tontolon'izy ireo mihitsy aza no tontolo an-tanàn-dehibe midadasika lavitra noho ny sivilizasiona rehetra taloha na taoriany nandritra ny dimanjato sy arivo taona manaraka.

Ireo tanàn-dehibe no nifehy ny tontolo nanoratana ny Baiboly. Tamin'ny taona 2000 T.K., dia nisy mponina 250 000 ny tanànan'i Ora, tanànan'i Abrahama. Voalaza ao amin'ny Jona 3:3 fa midadasika tokoa i Ninive fahiny, ka naharitra telo andro ny fiampitana azy an-tongotra.

Tamin'ny andron'i Nebokadnezara, i Babylon dia tanàna nahazendana nanana manda valo ambin'ny folo kilaometatra ary rafidrano sy rafi-panondrahana rano (mety efa nisy trano fidiovana miaraka amin'ny fanodrahana rano mihitsy aza) izay tsy nisy nahavita nitovy taminy intsony hatramin'ny faran'ny taonjato fahasivy ambin'ny folo.

Tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao, nanana jiro teny amin'ny arabe ny tanànan'i Efesosy, teo amin'ny Lalana Arcadius izay tena nalaza tokoa, ary nosoratan'i Ammianus hoe: "Sahala amin'ny hazavana rehefa antoandro ny famirapiratan'ny jiro amin'ny alina."

Ny tanànan'i Antioquia dia nanana arabe enina ambi-roapolokilaometatra feno andry vato lehibe ny sisiny.



Nisy mponina maherin'ny iray tapitrisa ny Roma tamin'ny andron'ny Apôstôly Paoly—izy no tanàna voalohany teo amin'ny tantaran'ny olombelona nihoatra an'io isa io. Feno olona ny arabe tao, ka voatery norarana tsy hahazo handeha eo afovoany intsony ny fitaterana misy kodiarana rehefa antoandro. Ny mpanankarena nipetraka tao amin'ny trano lehibe azy manokana, ary ny saranga antonony tao amin'ny tranobe avo lenta (antsoina amin'izao fotoana izao hoe appartements). Fa ny mahantra — ny vahoaka betsaka tao Roma — dia nipetraka tao amin'ny trano avo miisa 46 000, izay misy rihana valo ka hatramin'ny folo ny haavony. Tsy tany Chicago no naorina ireo tranobe avo voalohany, fa tany Roma fahiny, efa ho roa arivo taona lasa izay!

Afaka manomboka mahatakatra ny halehiben'ilay tanàna isika rehefa mandinika ny lisitry ny asam-panjakana nataon'i Lanciana teo anelanelan'ny taona 312 sy 315 T.K.:

“... Lapa 1 790, trano fandroana 926, trano fidiovana 8, zaridaina sy valan-javaboary 30, dobo filomanosana 700 ho an'ny daholobe ary loharano vato 500 fahanan'ny fitahirizan-drano 130, trano fanaova-mofa 254, trano fanatobiana entana 290, vavahady 37, andohalambo marbra 36, sirká 2, kianja amfiteatra 2, teatra 3, trano famakiam-boky 28, sekolin'ny gladiatera 4, kianja fanaovana fampisehoana sy ady an-dranomasina 5, andry tsangambato lehibe 6, tetezana 8, “lalan-drano” 19, sarivongana vita amin'ny halimo 3 785 ary sariolona voasokitra 10 000.”

Olona niaina an-tanàn-dehibe ihany koa ireo olon'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly.

- Mpanjakan'i Jerosalema i Davida
- Samy mpaminany nanao ny asany tao Jerosalema i Isaia sy i Jeremia.
  - Voatendry ho ben'ny tanànan'i Babylona i Daniela
  - Mpandrindra ny tanàna, mpandrindra ny fiaraha-monina ary governoran'i Jerosalema i Nehemia.
- I Paoly no evanjelistra Kristiana voalohany tany amin'ireo tanàna lehibe tao amin'ny Fanjakana Romana.
- Nahazo fahitana i Jaona fa ho tanàn-dehibe tsy hay lazaina ny fikasan'Andriamanitra farany ho an'ny olombelona.
- Ny fanomboana an'i Jesosy tamin'ny hazo fijaliana dia tsy afaka niseho afa-tsý tao amin'ny tanàna iray izay niraisan'ny fahefana ara-politikan'i Roma sy ny fahefana ara-pivavahan'ny fisoronana jiosy mba

hamonoana ny Zanak'Andriamanitra.

- Nosoratana ho an'ny fiangonana an-tanàn-dehibe ny ankamaroan'ny taratasin'i Paoly, ho toy ny tari-dàlanavoalohany amin'ny fomba ahafahan'ny fiangonana manao asa fanompoana ao an-tanàn-dehibe.

Raha boky an-tanàn-dehibe toy izany ny Baiboly, nahoana isika no tsy mahita izany? Satria amin'ny ankabobeny isika mijery ny Baiboly amin'ny fomba fijery ara-teôlôjia any ambanivohitra fotsiny. Rehefa mamaky Baiboly isika, dia "vohitra/ambanivohitra" no eritreretintsika fa tsy "tanàn-dehibe". Hitantsika amin'ny alalan'ny "solomaso ambanivohitra" izay vakiantsika.

Tamin'ny taonjato faha-12 vao nanomboka nitombo be ireo tanàn-dehibe europeanina. Na izany aza, mbola kely izy ireny raha oharina amin'ireo tanàn-dehibe ao amin'ny Naiboly — Paris, Frantsa, mponina miisa 100 000; Florence, Italia, mponina miisa 45 000; Venise, Italia, mponina miisa 90,000. Teo ho eo amin'ny telonjato sy arivo taona taorian'ny fitotonganana'i Roma vao nahavita namokatra tanàn-dehibe misy mponina iray tapitrisa i Europa. Tsy iza izany fa i Londra tamin'ny taona 1820.

Nosoratana an-tanàn-dehibe tany Afovoany Atsinanana ny Baiboly, saingy tany ambanivohitr'i Europa no namolavolana ny rafitra teolojika fototry ny finoan'ny fiangonana. Diniho ireo teôlôjiana mpanorina voalohany ny fiangonana tamin'ny vanim-potoanan'ny Moaenazy sy ny Fanavaozana: Md Paoly, Joany avy any Damaskosy, Augustin, Anselma, Aquinas, Lotera, ary Calvin.

### AHOANA NY FIJERIN'NY SORATRA MASINA NY TANÀN-DEHIBE MISY AHY?

Ny tanàn-dehibe no ivon'ny ady lehibe sy mitohy eo amin'ny Andriamaniry ny Israely sy ny fiangonana ary ny andriamanitr'izao tontolo izao.

### Babylona ampitahana amin'i Jerosalema

Ampiasaina i Babylona manerana ny Soratra Masina ho tandindon'ny tanàn-dehibe iray izay lasan'i Satana tanteraka.

Voalaza voalohany tao amin'ny Genesisy 11 ilay tanàn-dehibe rehefa nanapa-kevitra ny hanorina ny Tilikambon'i Babela ny olombelona (ny Lemak'i Sinara, izay voalaza ao amin'ny lahatsoratra hoe tanànan'ny ziggurata, no toerana niorenan'i Babylona tatè aoriana). Nampisafotofoto ny

  
fitenin'izy ireo Andriamanitra, satria hoy ny olona: "Andeha isika hanao tanàna sy tilikambo ho antsika, ka ny tampony hahatakatra ny lanitra, dia hanao izay hahazoantsika laza..." (Genesisy 11:4).

I Babylona dia voaloko ao amin'ny Soratra Masina ho toy ny rafitra ara-piarahamonina manara-penitra, tsy mijery afatsy ny tenany, ary manao tsinontsinona ny maha-olona; miaraka amin'ny toe-karena natao hahazoan'ny mpanankarena tombontsoa sy hanararaotana ny mahantre ao aminy, miaraka amin'ny politikan'ny fampahoriana, ary fivavahana izay tsy miraharaha ny fanekena amin'Andriamanitra fa manamasina ny fahefana sy ny harena (Isa. 14:5-21; Jer. 50:2-17; 51:6-10; Dan. 3:1-7; Apok. 17:1-6; 18:2-19, 24). Hita miverina any amin'ireo tanàn-dehibe (na Jerosalema aza) manerana ny tantara ao amin'ny Baiboly ny ankamaroan'ny fahamaizinana sy faharatsiana tao Babylona.

I Jerosalema kosa, mifanohitra amin'izany, hita amin'ny endriny tsara indrindra amin'ny maha-tanànan'Andriamanitra azy. Voalaza voalohany ao amin'ny Genesisy 14:17-24 ihany koa izy, amin'ny alalan'i Melkizedeka, mpanjakan'i Salema (Salema no anaran'i Jerosalema taloha).

Ankalazaina ho tanàn-dehibe araka ny tokony ho izy i Jerosalema — tanàn-dehibe izay an'Andriamanitra. Antsoina izy, amin'ny maha-rafitra ara-tsosialy azy, hijoro ho vavolombelona ny amin'ny shalom (fiadanana) an'Andriamanitra, "Mangataha fiadanana ho an'i Jerosalema..." Salamo 122:6-9, "Manangana an'i Jerosalema Jehovah; Mamory ny Isirael voaroaka Izy." Salamo 147:2. Amin'ny andry ara-toekarena azy dia natao hampihatra ny fitantanana ara-drariny sy ny politika marina hioan'ny vahoakany izy.

Farany, i Jerosalema no aseho ho foibe ara-panahin'izao tontolo izao, tanàn-dehibe maodely miaina ao amin'ny fahatokiana sy ny finoana eo ambany fahefan'Andriamanitra (Isaia 8:18; Mik. 4:1; Deot. 17:14-20).

Samy manana an'i Babylona sy Jerosalema ao anatin'y avokoa ny tanàn-dehibe rehetra, satria sahan'ady eo amin'ny andriamanitr'i Babylona (Baala, Satana) sy ny Andriamanitr'i Jerosalema (Iaveh, Jehovah Tompo) ho amin'ny fanapahana sy ny fifehezana ny tanàn-dehibe rehetra.

### Babylona ao Jerosalema

Etimololian'ny teny hoe Jerosalema. Nasongadin'ireo manam-pahaizana momba ny Baiboly toa an'i Millar Burrows fa tena midika hoe "fototr'i Shalem" ilay anarana.

Amin'ny anaran'i Jerosalema mihitsy no anehoana ny fihenjanana ao amin'ny tanàn-dehibe tsirairay. Izy no Je-rosalema — tanànan'i Jehovah, tanànan'Andriamanitra. Izy no Jero-salema —tanànan'i Bala (na Satana). Tanàn-dehibe an'i Jehovah i Jerosalema. Tanàn-dehibe an'i Bala i Jerosalema. Tanàn-dehibe misy ny tanjaka sy fahefan'ireo hery roa ao anatin'ny mandany izy. Ny tena anaran'ilay tanàn-dehibe renivohitra (sy indraindraina) teo amin'ny Israely no maneho ny hafatra fototra ao amin'ny Baiboly ho an'ny tanàn-dehibe. Jerosalema — sy ny tanàn-dehibe rehetra — no sahan'ady eo amin'Andriamanitra sy Satana mba hahazoana fahefana amin'ny vahoakany sy ny rafitra misy ao aminy.

### Jerosalema ilay Ampakarina

Ezequia 16:1-14

*“Ny topi-maso mampihetsi-po indrindra momba ny fitiavan’ Andriamanitra lalina ny tanàn-dehibe. Milaza amintsika i Ezequia, fa raiki-pitia tamin'i Jerosalema Andriamanitra?”*

Isaia 60:1-2, 14-21,

*“Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao. Fa, indro, ny aizina manarona ny tany, ary ny aizim-pito manarona ny firenena; fa aminao kosa no iposahan'i Jehovah, ary aminao no isehoan'ny voninahiny.” (Isaia 60:1-2).*

*“Ny zanak'izay nampahory anao dia handeha hiondrika eo anatrehanao, ary hiankohoka amin'ny faladianao izay rehetra nanamavo anao; ary izy hanao anao hoe Tanànan'i Jehovah, Zionan'ny Iray Masin'ny Israely. 15Ho solon'ny nahafoizana anao sy ny nankahalana anao ary ny tsy nandehanan'olona namaky anao, dia hasandrastro ho rehareha mandrakizay ianao, eny, ho fifaliana hatramin'ny taranaka fara mandimby.” (Isaia 60:14-15).*

Namorona, nitia, nitahiry ary nanavotra ilay tanàn-dehibe Andriamanitra mba hovana ho tanàn-dehibe arak'izay nokasain' Andriamanitra ho azy izy. Amin'ny maha-fiaraha-monina voaova azy no mahatonga an'ilay tanàn-dehibe ho tilikambo mpanazava an'izao tontolo izao, sy fanehoana ny asan'Andriamanitra ho an'ny firenena sy izao tontolo izao.

Jona 3:2 “*Mitsangàna, ka mankanesa any Ninive, ilay tanàna lehibe; ary torio aminy ny teny izay lazaiko aminao.*”

*“Dia hoy Jehovah: Hianao malahelo ny tanantanamanga izay tsy nisasaranao na nampanirinao, dia ilay naniry indray alina monja ary maty indray alina koa; Ika moa Izaho tsy mba halahelo an'i Ninive, ilay tanàna lehibe va. izay misy olona tsy omby roa alina sy iray hetsy, izay tsy mahafantatra ny havanany sy ny haviany, sady be biby fiompy koa?” Jona 4:10-11*

Eto Andriamanitra dia miahny ny amin'ny tanàn-dehibe ratsy fanahy sy mpanompo sampy tahaka an'i Jerosalema tanànany.

Manan-danja amin'Andriamanitra ny tanàn-dehibe...fa manan-danja aminao ve izy ireny?

### **Ny Ratsy: Isam-batan'olona sa Iombonana?**

Matetika ny protestantisma evanjelika no mirona mampifantoka ny teolojiani amin'ny asan'ny famonjen' Andriamanitra. Indrindra fa amin'ny endriny malaza kokoa, tsy misy fandinihana lalina, no nanambarana ny evanjely teo amin'ny tantara ho momba ny famonjena ny tsirairay - ny fiantsoana ny mpanota ho eo amin'i Kristy.

Hitantsika tokoa, rehefa dinihina, fa manolotra ny famonjena ho isambatan'olona ary koa iombonana ny Soratra Masina. Tahak'izany no fahatakaran'ireo mpanoratra Baiboly ny faharatsiana. Mariho ny fampiasana malalaka ny endrika fiombonana mba hilazana ny toetra mamaritra ny voavonjy—ny vahoakan'ny fanekena, ny firenena Israely, ny vahoakan'Andriamanitra, ny zanaka sisa, ny Fanjakan'Andriamanitra, ny fiangonana, Jerosalema Vaovao.

### **Ireo Rafitry ny Tanàn-dehibe iray**

Maro no milaza fa ireo rafitra mifehy ny fiainan'ny tanàn-dehibe dia ara-toekarena, ara-politika ary ara-pivavahana.

Tamin'ny lahateny farany nataony, dia nampahatsiahivin'i Mosesy an'ny Israely fa nanonofy momba ny firenena vaovao iray izy, fanjakana iray eo ambany fahefan' Andriamanitra. Naorina tamim-pitandremana tsara sy nampiharina tany an-tany efitra io fiaraha-monina vaovao io. Fa ankehitriny, hoy i Mosesy tamin'ny olona ao amin'ny Deuteronomia 6,

handeha ianareo ho any amin'ny tany vaovao ho fanananareo. Tanin'ny mpanompo sampy izay tsy hanaiky na hankasitraka ny fomba fiainanareo akory izany; fa kosa hanohitra izany izy ireo. Ho feno tanàn-dehibe manan-karena, izay halainareo ho anareo io tany vaovao io; mety hanimba ny fomba fiainanareo izany harena izany. Hitondra fanambinana be ho anareo io tany vaovao io, ka hihevitra ianareo fa ny tenanareo ihany no nampatanjaka anareo fa tsy ho raisinareo ho fanomezana avy amin' Andriamanitra ny zava-drehetra; hanimba ny fiankinanareo amin' Andriamanitra izany fahefana izany. Izany no hatrehanareo any amin'io tany vaovao io: vahoaka hanohitra anareo, harem-be hanimba anareo, fahefana hamotika ny fomba fiainanareo.

## **Fivavahana miompana amin'ny Fifandraisana**

Araka ny Baiboly, manambara i Mosesy ao amin'ny Deoteronomia 6:4-6 hoe: "Mihainoa, ry Isirael: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany. Ary tiava an'i Jehovah Andriamanitrapa amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra. Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao." Milaza amintsika ny mpanoratra ny Deoteronomia fa ny fifandraisana amin'Andriamanitra no fototry ny fanorenana firenena na tanàndehibe iray.

## Politika mandala ny Rariny

*“Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao. Diaampianaro tsara ny zanakao izany, ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao ianao, na mandeha any an-dalana, na mandry, na mifoha; ary fehezo ho famantarana eo amin’ny tananao ireny, ary aoka ho fehy fampahatsiarovana eo ambonin’ny handrinao, ary soraty eo amin’ny tolam-baravararan’ny tranonao sy eo amin’ny vayahadinao.”* (Deot. 6:6-9).

Talanjona isika rehefa mamaky ny didy sy fitsipika nanaraka ny lahatenin'i Mosesy ao amin'ny Deoteronomia, satria hitantsika fa mahakasika ny olana amin'ny rariny ny ankamaroany. Miresaka momba ireo olana toy ny fizarana harena ho an'ny mahantra, fiarovana ny mpitondratena, fanafahana ny andevo, famerana ny fahefan'ny mpitondra, rariny amin'ny ady, fiarovana ny vehivavy manam-bady sy tsy manambady amin'ny resaka fitsarana sy ny famonoana olona, ary fiarovana ny vehivavy nisara-panambadiana, ny kamboty, ny vahiny, ny marary, ny mpammangy ary ny osa. Mba hahatanteraka amim-

pahombiazana ny fanjakan' Andriamanitra ao amin'ny tanàn-dehibe mpanompo sampy, araka ny voalazan'i Mosesy, dia tokony hamolavola sy hihazona politika mandala ny rariny ny Isiraely.

### **Toe-karena manome lanja ny Fitantanam-piaianana**

Ary rehefa entin'i Jehovah Andriamanitroa ianao ho any amin'ny tany izay nianianany tamin'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba razanao homena anao, dia tany misy tanàna lehibe sady tsara, izay tsy nataonao, sy trano feno zava-tsoa rehetra, izay tsy nofenoinao, sy lavaka famorian-drano voalavaka eo amin'ny vato, izay tsy nolavahanao, sy tany voavoly voaloboka sy hazo oliva, izay tsy nambolenao, ary mihinana ianao ka voky, dia mitandrema fandrao hadinoinao Jehovah, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta, tamin'ny trano nahandevozana. (Deot. 6:10-12).

### **Vavaka:**

Ry Rainay izay an-danitra,

Ianao no Andriamanity ny tanàn-dehibe sy ny firenena, Tompon'ny zavaboary rehetra. Raha mandinika ny Teninao izahay, dia sokafy ny fonay hahita ny fiovana afaka hitranga eo amin'ny toerana misy anay. Ampio izahay ho fitaovan'ny fahamarinanao, ho mpitandrina ny loharanon-karena avy Amino, ary ho fahazavana ao anatin'ny haizina. Aoka izahay haneho ny Fitiavano, ary hitondra topimaso an'ilay Jerosalema Vaovao ao amin'ny fiaraha-monina misy anay. Tariho izahay hanorina tanàn-dehibe izay manome voninahitra ny anaranao, sy hanjakan'ny fiadananao.

Izany no fangatahanay amin'ny anaran'i Jesosy,

Amena.

## Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra:

1. Ahoana no fahitanao ireo singa avy amin'i Babylona sy Jerosalema ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao ankehitriny?

2. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny Kristianina mifandray amin'ny tanàn-dehibe mba hitarafana ny *shalom* (fiadanana) sy ny fahamarinan'Andriamanitra?

3. Amin'ny fomba ahoana no hihaikan'ny foto-kevitra momba ny famonjena isam-batan'olona sy iombonana ny fahatakaranao ny finoana sy ny fiaraha-monina?

4. Inona no dingana azo ampiharina azonao raisina mba handraisana anjara amin'ny politika mandala ny rariny na ny toe-karena manome lanja ny fitantanampiainana eo amin'ny sehatra misy anao?

# FIARAHAMONINA VOAOVA

HERINANDRO FIARAHAMONINA VOAOVA

15-22 Martsa 2025





EKIPAN'NY  
DEPARTEMANTAN'  
NY TANORA  
**FOIBE**  
**MANERANTANY**

